ADIN'NY MPIVADY 5

# NOTONDRAHAN'ILAY RANGAHY ASIDRA NY VADINY NAHATRATRA AZY NAMPIRAFY

MARINA IZANY ! 6

## TSY NIFANKAHITA !


# Gazetiko

www.gazetiko.mg

Laharana 7857 Taona faha-26 **Vidiny : 500 Ariary** Gazety mivoaka isan'andro Alatsinainy 29 aprily 2024


TAFA...SIKA

ZO (SABATA ANDAVAMAMBA) 3

## "NY LAMOZIKANAY TSY ATAKALO, SY VIDINA...



MANGARANO-TOAMASINA 8

## NOFONGARIN'NY OLONA NY VARY LO EFA NALEVINA

MINISITRA NOTENDREN'NY FILOHA RAJOELINA TAMIN'NY 2009 7

# SAMY MANANA NY LALANY ANKEHITRINY IREO NIARA-NITOLONA TENY AMIN'NY "13 MEY"









TSIPY KANETIBE 11

## AFA-TSAZY I MADAGASIKARA, MISOKATRA AMIN'NY ANY IVELANY AMIN'IZAY

MISAONA NY KANTO MALAGASY 3

## NODIMANDRY OMALY MARAINA I LALIE

TSIROANOMANDIDY 5

# KANDIDÀ SOLOMBAVAMBAHOAKA NISY NIKASA HITIFITRA, LEHILAHY IRAY MATIN'NY ZANDARY

IFIRP 2

## NITOKONA IREO MPIANATRA PARAMEDY


Telma

MIRESAKA FOANA ISAN'ANDRO, ISAN'ORA!

M'Ora 500 AR

+25SMS

+25Mo

#322*20#

GCL 800/24-23



Fikambanana VAVEA

# Nisongadina tetsy amin'ny Cemes Soanierana ny fomba sy ny kolontsaina Vezo





Afapo tamin'ny fikarakarana ny hetsika ny birao mandrafitra ny VAVEA.

*Tonga nanafana ny fotoana ireo mpanakanto avy any amin'iny faritra iny izay nahitana an-dry Bakoma, Khaleba sy Manaly ary Jocelin Tsiokantimo izay nafanain'ny Orkesitra Fihamy.*

Nihaona tetsy amin'ny Cemes Soanierana ny Foko Vezo monina sy mila ravinahitra eto Antananarivo ny Asabotsy faran'ny herinandro teo. Tonga maro ny olona ary nampiseho ny fahavononany ny amin'ny hampiroboroboana ny fikambanana. Afapo ny birao nikarakara ny fihaonana, afapo ihany koa ny mpanatrika marobe izay tonga. Ankoatra ny birao sy ny mpikambanana sasany mivory hatramin'ny fiatombohan'ny taona sy ny fananganana ny Birao vaovao mandrafitra ny VAVEA na ny « Vahatse Ty Vezo Aharo » Sampana Antananarivo dia ity fihaonana ity ihany koa no nanaovana ny fifampiarahabana tratry ny taona. Araka ny fanazavan'ny Filohan'ny fikambanana, ny Jeneraly ZIPA Jean Hubert fa anisan'ny nanamarika ny fihaonana ny fanasongadinana ny fomba amam-panao sy ny kolontsaina mampiavaka ny foko Vezo.

Fa ankoatra izay, tamin'ity fotoana ity ihany koa no nandraisana ny mpikambana vaovao. Tsy avy amin'ny foko Vezo ihany anefa no tonga tao namaly ny antso fa teo ihany koa ireo avy amin'ny foko hafa izay avy amin'ny fianakaviana vezo. Misy amin'ny Vezo mantsy no manambady foko hafa ka ny fianakavian'izy ireny dia noraisina antanan-droa hanatevin-daharana ny fikambanana. « Izay ilay Aharo » hoy ny jeneraly ZIPA Jean Hubert. Tonga nanafana ny fotoana moa ireo mpanakanto avy any amin'iny faritra iny izay nahitana an-dry Bakoma, Khaleba sy Manaly ary Jocelyn Tsiokantimo izay hafanain'ny Orkesitra Fihamy.

**Hijery ny ho avin'ny tanora**

Tsy nijanona amin'ny maha fety aman-danonana azy ny hetsika fa manana tanjona ny fikambanana ka ny ny goavana indrindra amin'izany dia fampivondronana ny taranaka mba hisian'ny fifankalalana bebe kokoa mba ho fanamafisana ny fifankatiavana sy ny fifanampiana ny ara-tsosialy eo anivon'ny samy mpikambana. Anisan'izany, ny famoronana asa ho an'ny tanora ary efa misy tompon'andraikitra misahana ny fampiofanana amin'ny lafiny rehetra, fanamafinasa ny fahazai-manao. Efa eo ampelantanan'ny birao ihany koa amin'izao fotoana izao ny anarana sy ny mombamomba ny mpikambanana tsirairay ka miainga avy amin'izay no ahafahana manampy ny tanora iray. Efa misy mihitsy, izao ny oriansa hiara-hiasa amin'ny VAVEA amin'ny fanomezana fiofanana arakasa sy fanomezana asa ny tanora. Tsy mijaanona ho an'ny Vezo eto Antananarivo ihany anefa ny vinavina fa hitohy any amin'ny tany nihaviana izay mila vonjy tokoa amin'izao fotoana izao noho ny fahasimban'ny tontolo iainana sy ny hafitsoky ny mpanjono tsy ara-dalana any an-toerana. Anisan'ny asa voalohan'ny Vezo anefa ny jono sy ny morontsiraka ka hiantsoan'izy ireo ny tompon'andraikitra isan'ambaratongany mba hijery azy ireo.

**Tiaray R**

Festival Magie

# Afaka roa taona ny andiany faharoan'ny Magic Dream



Izy no Nest nandrombaka ny fifaninanana tamin'ny "festival Magie" na "Magic Dream" andiany voalohany.



Santionany tamin'ny fifaninanana manao majia.

Tontosa ny sabotsy teo tetsy amin'ny Aft Andavamamba ny andiany voalohany amin'ny Festival Magie «Magic Dream » nokarakarain'ny Magic Squad Madagasikara. « *Mafimafy ny fikarakarana ka izay no nahatonga azy natao tao anatin'ny andro iray. Na izany aza dia iray andro nahafana nanatanteraka zavatra maro sy fepetra maha festival azy*» hoy Mahefa Mathieu mpitarika ny Magic Suad Madagasikara. Hita nandritra ny hetsika ny atrikasa sy fifankalozana traikefa izay tena nahasarika olona maro ka ny tanora no betsaka. Teo ihany koa ny fifaninanana Majia ary nofaranana tamin'ny fampisehoana ny tapak'andro hariva. Raha ny fanirian'ny mpikarakara dia atao isan-taona ny hetsika « Festival Magie » saingy noho ny antony maro samihafa, atao isaky ny roa taona izany. Antony, raha ny fanazavana dia noho ny fitetezam-paritra maro ataon'ny Magic Squad Madagasikara amin'iny taona 2025. Efa vita avokoa ny fifanarahana an-taratasy any amin'ireo faritra izay handray ny hetsika ataon'ny Magic Squad ka tsy afaka ny hanafoana izany intsony izy ireo.

Araka izany, tsy hanam-potoana hikarakarana ny hetsika izy ireo noho ny tsy fahampian'ny fotoana. Nanome toky ny mpanao sy ny mpankafy Majia izy ireo fa ny andiany faharoa, dia tanterahana amin'ny taona 2026. Voalaza fa atao amin'ny sehatra lehibe kokoa ary aharitra roa andro ny hanatanterahana azy. Manam-potoana hihomanana tsara amin'ny hetsika rehetra ihany koa ny mpanao majia any amin'ny faritra amin'izay fotoana izay. Marihana fa ny Alliance Française Antananarivo no mpanohana tamin'ny fomba ofisialy ny hetsika. Koukoumi, Meetika Studios, Creampie ary ny Abidia magic shop kosa niara-niasa tamin'izy ireo.

**Norombahan'i Nest ny laharana voalohany**

Raha hiverenana kely ny hetsika tamin'ny asabotsy teo, nanamarika ny fotoana ny fifaninanana Majia. Miisa 7 izy ireo no andray anjara ka nahatonga solontena ny avy any Vakinakaratra sy Itasy ary ny avy eto Antananarivo. Roa ihany no nahazo loka tamin'ity fifaninanana ity ka : Rasamoelina Andriambola Eric Lyonel fantatra amin'ny anarana hoe Nest mpanao Majia avy Itasy no nandrombaka ny laharana voalohany. Anisan'ny mpanao majia mikasika ny « Illusioniste », « mentaliste », « carton Magie » izy saingy ny filalaovana karatra no tena manavanana azy. Anisan'ny nampîavaka azy tamin'ny seho nataony ka naharesy lahatra ny mpitsara dia hainy ny mampifaly sy mampitsiky ny olona amin'ny fampihomehezana izay ataony. Raha ny fanazavany, tamin'ny 2019 izy no niezaka nandalina sy nampianatena teo amin'ny Majia. Tamin'ny 2021 kosa izy no nanomboka niseho antsehatra voalohany. « *Ny fiakarana an-tsehatra matetika, ny fanazaran-tena isanandro ary ny fanomanana ny saina sy ny vatana hiatrika fifaninanana no tombony ho ahy. Nahay sy mahafehy ny zavatra nataony ny mpifaninana tamiko saingy ny tsy fahafehezana ny sehatra no olana tamin'izy ireo* ». Hoy Nest. Tokony hisy matetika ny fampisehoana ataon'ny mpanao majia indrindra ny hetsika lehibe tahaka ny Magic Dream mba ahafahan'ny mpankafy sy ny mpanao majia mivoatra raha ny heviny. Nahazo ny laharana faharoa kosa i Randriamananjara Anja Fitahiana.

**Tiaray R**

Misaona ny kanto malagasy

## Nodimandry omaly maraina i Lalie



"*Ka nony vetivety, voatery nifandao. Ny masony sy ny ahy. Toa banga vetivety izao tontolo izao. Verivery fanahy* ». Io tononkiran'i Hanitriniala Lalie Louise Andriamazava io, no mahafehy ny zava-misy amin'izao fotoana izao. Nodimandry omaly maraina teo amin'ny faha-48 taonany i Lalie, rehefa nolazoin'ny aretina tao anatin'ny volana maromaro izao. Ny zoma maraina teo no nisy ny antso nataon'i Nyn's vady andefimandry mikasika ny faharatsian'ny fahasalamany. Efa tsy niresaka firy intsony izy tamin'izay, fa ny vadiny no nampiseho ny faharatsian'ny fahasalanany sy ny fangatahana tolo-tanana. Nivoaka tamin'ny tambazotran-tserasera anefa omaly maraina ny fahalasanany. Maro ireo mpanakanto namany, ny olon-tsotra naneho ny fiarahamiory tamin'ireo vady aman-janany sy ny fianakaviany. Anisan'ireny ry Fanja Andriamanantena izay namerina ilay hira « Ampangino » niarahan'izy ireo namorona fa nohaingon'i Fanja Andriamanantena feony ary narindran'i Toty tamin'ny 2015. Nilaza kosa i Mell Piercing Tatouage hoe : « *Vita ny adiny, nitsahatra ny fijaliany . Handry ampiadanana anie Lalie* ». Nandrianina Rabe : « *Dia izay tokoa moa izany no tsy maintsy izorantsika olombelona. « Ho Aiza anefa ho Aiza ianao?Hitady lanitra hafa hiadananao?Zory am-pitiavana ny lalanao. Araho Tsiky izato dianao…* ». Njakatiana : « *Fahalasan'i Lalie : Mirary fiononana feno ho an'ny fianakaviany iray manontolo, indrindra fa i Nini sy ireo zanany* ».

Raha tsiahivina kely, tany amin'ny taona 90 tany ho any no nanomboka nalaza i Lalie. Nampiara-peo tamin'i Do Rajohnson tamin'ilay hira hoe : « Miaraka aminao » no nahalalana ny feomangany voalohany. Niara-niasa tamin'ny artista maro izy taorian'izay, ary anisan'ny seho goavana niakarany ny Lapan'ny Kolontsaina Mahamasina ny niarahany nivazo tamin'ny tarika Mahaleo. Nanomboka ny taona 2010 tany ho any, tsy re firy intsony izy, ary somary nandalo sedram-piainana. Ny taona 2023 izy no nanomboka naverin'ny mpankafy an-tsehatra nefa volana vitsy taorian'izay dia nolazon'ny aretina.

Izy no nandao fa ny kantony mitoetra ho lovain'ny taranaka mifandimby.

**Fy**

# Tafa....sika

Zo (Sabata Andavamamba)

## "Ny lamozikanay tsy atakalo tsy vidiana fa hoentina mampitraka ireo izay lavo"

*Zo. Mpihira, tia manetry tena, satria manahirana azy ny hilaza ny tenany ho mpanakanto na artista. "Teny hoe SabatA, ny Olona no Miteny hoe SabatA fa tsy izaho velively no hirehareha hoe mpanakanto na artista", hoy izy. Ilay hira hoe "Andavamamba" no tena hahafantaran'ny olona azy. Nisy ny resaka nifanaovanay taminy :*

***Gazetiko*** : Sabata Andavamamba. Ilay hira hoe "Andavamamba ilay tanana" iny no tena hahafantaran'ny olona anao. Iza no tena anaranao ? Inona no nahatonga anao namorona io hira io ? Efa noeritreretinao ve hankafizin'ny mpitia mozika io vazo io ? Mba tantarao hoe ny lalana nodiavinao ka nahatonga anao lasa mpihira ?

**Sabata A** : "*SabatA AndavamambA 1= Misaotra ny Tompo ! Ny anarako dia i Zo. Zo no hiantson'ahy ! Antony namoronako an'io ? - Andavamamba dia tanànanay mihitsy fa tsy hofaina ary manan-tantara izy io. Nalaza ratsy ! Ka noho izany, nanolotena ny hiteny satria tsy hoe ratsy ihany no misy ao. Fa raha misy vorondolo, misy koa ny voromanga ary ny tanana tsy hilaozan'adala. Dia izahay solotena ao ambany tanana, izay ilay hoe Sabata ho an'izay tsy mahalala. Dia ny mozika no hitantara !*

***Gazetiko*** : Efa nieritreritra ny ho lasa mpanakanto ve ianao ? Iza no artista mba nonofinofisinao taloha ka nahatonga anao nihira ? Mamoron-kira ve ianao ? Firy ny hira efa noforoninao ? Firy no efa mivoaka ?

**Sabata A** : « *Tsy faniriana no nahatonga anay nihira fa ny fiainana eto no tena manahirana. Ary ny anay ny lamozika tsy atakalo tsy vidiana fa hoentina mampitraka ireo izay lavo. Manafoana fahoriana ary ho lova tsara indrindra ho an'ny taranaka ao afara. Ary izahay fitaovana fotsiny fa ny Tompo no miteny.*

*Ny hira efa noforonina efa tsy voaisa intsony. Tsy Voaisako satria efa betsaka ny vita ary maro ihany koa no vao hoforonina. Satria araka ny maha fitaovana anay, tsy mila mamorona intsony fa mivavaka dia mihira* ».



***Gazetiko*** : Inona no hitanao fa tena olana ho an'ny mpanakanto, manana talenta anefa tsy mety lasa alavitra ? Inona no olan'ny artista vao misandratra eto amintsika ? Inona no hitanao fa tsy ampy sy rafitra tokony hapetraka ?

**Sabata A** : "*Ny olana anie na betsaka aza ny hira dia mila vola aloha voalohany indrindra. Izany hoe betsaka ny hira fa ny vola no tsy ampy hoentina hampahafantarana sy hamoahana azy. Araka ny tenin'ilay zoky namako izay hoe : na ratsy aza hono rehefa ankalazaina dia malaza. Nefa misy ny tsara fa tsy misy mahita. Satria tsy misy vola amin'ilay "matraquage". Arak'izany, izay manambola no malaza fa tsy ny tsy afka moa miandry izay rariny eo. Ka raha tsy tonga ilay rariny, dia mpanakanto tsy artista izy satria tsy misy mahita ny kantony na tsara sy kanto aza*".

***Gazetiko*** : Mahafapo anao ve hatramin'izao ny fandraisan'ny olona ny vazonao sy hoe ianao mihira ? Ahoana ny fandraisan'ny manodidina anao hoe ianao lasa mpihira ? Inona no tanjonao amin'ilay mihira ? Efa feno izany ny ekipanao rehefa miaka-tsehatra ? Mpihavana sa mpinamana ianareo ao anatin'ny tarika ?

**Sabata A** : "*Raha ny fandraisan'ny olona indray io, arakaraka ny tsirairay ihany satria raha ho ahy manokana tsy mihevitra ny tenako ho star (kintana) izany. Fa ho an'ny ankizy : zoky Zo aho ; ho an'ny zoky aho : zansry Zo, ary ho an'ny ray aman-dreny Zo kely. Ary ny tanjoko tsy hiala eo aho. Fa kosa, misy ny fotoana ary matetika eo amin'ilay fotoana hijorona ho solontena nomena teny ! Ho raisiko ampanetren-tena hoe Sabata, ilay olona no miteny hoe Sabata fa tsy izaho velively no hirehareha hoe mpanakanto na artista*".

**Gazetiko** : Inona no hafatra omenao ny mpankafy mozika indrindra ireo mpankafy ny hiranao ? Inona no torohevitra omenao ireo tanora mba te hiditra amin'io resaka hira sy mozika io ? Inona no zavatra mitranga mampihetsika ny aingampanahinao ka hahavitanao mamoronkira ?

**Sabata A :** "*Misaotra! Izay no filazako satria midera ny Tompo Sabata fa nisy izao rehetra izao. Fitaovana ihany ny tenako hoy aho fa tsy mila mamorona, fa mivavaka dia mihira. Dia izay gadona misy eo mety satria ny Tompo no nanao manao an'io. Na tsy matrakena aza io mbola vao mivavaka izahay izao e ! Ny hafatra angamba ? tsy hanafatra aho satria tsy misy te hitovy amiko ny olona ka hoe hafarako* ».

**Dinika nifanaovan'i Fy**




## PETITES ANNONCES *Gazetiko*

### MIVIDY

* Lamba, fanaka, kiraro, vy, TV, kojan-dakozia, poketra, debara. Rason. Tél : 034.31.324.79. (G-BA 802/15-15)

### A VENDRE

* Tsenabe Isotry, trano 2 étages, 16 ch, e&e, 1er plan, t&b, qc : 5 Md. Ar.. Tél : 033.73.021.33. (G-BA 805/10-10)

### COURS

* Cours d'Anglais parlé et écrit à domicile ou particulier. Tél : 034.17.947.22. (G-BA 812/4-1)

* Cours de massage : 3 jours assuré par des professionnels. Tél : 034.39.292.03. (G-BA 809/10-5)

### FAMPIANARANA

* Fampianarana manety lehilahy "Coupe homme". Sarany mirary. Tél : 034.39.292.03. (G-BA 809/10-5)

### TSENA AHOFA

* Tsena amoron-dalana. Toerana : Itaosy. Mety izay hamidy, malalaka tsara. Tél : 033.32.118.27.(G-BA 813)

### A LOUER

* Trano ahofa Andoharanofotsy Mahabo : 2 ch + wc + dche en sécurité : 160.000Ar. Tél : 032.64.118.31. (G-BA 814/7-2)

### VIDANGE

* Vidange fosse septique, fosse perdue & puisard… Tél : 034.19.333.09 / 033.64.965.79. (G-BA 803/20-15)

### MITADY ASA


* Zah Soudeur 5 exp, afaka mi-déplacé, matotra, manao ny asa rehetra momban'ny vy. Tél : 034.16.758.04. (G-BA 813/3-2)

Toamasina

# Mpianatra nivarotra basy tao anaty “Facebook”

*Basy poleta “Pistolet Automatique Marque Bernadelle Cal 7,65”.*

Natao dokam-barotra ho hitan’ny rehetra tao anaty “*Facebook*” ilay basy ho amidy. Vondrona iray atao hoe “sera malaky a Tamatave” no nisy an’ilay doka. Io no tsikaritry ny mpitandro ny filaminana ka nahatonga azy ireo nandray andraikitra avy hatrany. Tra-tehaka ireo mpanao varomaizina ireo. Rehefa nosavaina dia mbola tratra tany aminy ny basy poleta “*Pistolet Automatique Marque Bernadelle Cal 7 ,65*”. Araka ny fanadihadiana dia telo lahy no voasaringotra amin’ity raharaha ity. Voasambotra tao Tanamakoa Toamasina izy ireo, ny zoma teo rehefa nanaovana velam-pandrika. Nahavariana fa mpianatra amin’ny sekoly ambony ao Barikadimy ny anankiray amin’ireo mpibizina, tovolahy 20 taona. Ankoatra azy dia lehilahy iray 26 taona izay mpivarotra ao amin’ny tsenan’ny Toamasina ny anankiray izay voalaza fa fianakavian’ny olom-boatendry ambony ao antoerana ary fahatelo farany, tovolahy 19 taona mpianatra “Lycée Technique”. Izy ireo no nivarotra an’ity fitaovam-piadiana ity. Nisy taratasy ihany ny basy ary voalaza fa olona avy any Mahanoro no tena tompony.



Ilay basy nokasaina amidy.

Io farany no naniraka an’ ireto tanora ireto hivarotra izany amin’ny vidiny 3 tapitrisa ariary. Mbola mitohy moa ny fikaroham-baovao mikasika an’ity raharaha ity. Manaporofo izao ny fiparitahan’ny fitaovam-piadiana tsy ara-dalàna eny antanan’ny olon-tsotra. Eo ihany koa ny fivarotana antsokosoko azy ireny.

### Lalàna

Marihina fa vao 5 aprily lasa teo no nitsangana ny vondron’ireo ratsamangaika samihafa hifehy ny sehatry ny fitaovam-piadiana. Nisy ny fivoriana natao niompana tamin’izany teny Ampahibe, ahitana ireo Andrimpanjakana sy ireo Departemanta eo anivon’ny Ministera isantsokajiny, ny fiarahamonim-pirenena, ary ny mpivarotra basy (*NERON*). Anisany voaresaka tao ny hamitana haingana ny fanovana ny lalàna mifehy ny basy, izay efa novolavolaina tamin’ny taona 2018. Mbola tsy tody hatramin’ny farany ny fandrafetana io lalàna mandrak’ankehitriny. Nojerena manokana ihany koa ny rindran-tsaina hiadiana amin’ny fiparitahan’ny basy tsy ara-dalàna eo amin’ny sehatry iraisam-pirenena sy eto Madagasikara.

**Deyland**

Arivonimamo

# Dahalo efa mpamerinkeloka lavon’ny bala



Maty voatifitra tamin’ny sabotsy lasa teo ilay dahalo raindahiny amin’ny resaka halatr’omby. Ity olon-dratsy ity izay anisany mampikaikaika ny mponina ao Arivonimamo sy Ambatolampy ary efa nokarohin’ny mpitandro ny filaminana ao anatin’ny distrika roa voalaza etsy ambony ireo. Voatifitra teo amin’ny lamosiny izy rehefa nikasa handositra ka maty vokatry ny ratra nahazo azy. Marihina fa efa mpamerikelika izy io ary efa nigadra tamin’ny resaka halatr’omby ihany koa. Ary efa nanaovana fampilazana izy sy ny rahalahiny noho ny halatr’omby tao Behenjy ny taona 2022. Mbola misy ihany koa ny didy fampikarohana. Raha ny fanazavana dia nahazo loharanom -baovao avy tamin’olona tsara sitrapo ny zandary tao amin’ny zanatobim-paritra Miantsoarivo, fa mihaodihaody ao Miandrandra ilay olon-dratsy io, izay antsoina hoe Naivobe. Natao ny fikarohana azy ka taorian’ny velam-pandrika ity farany no tratra teny an-dalana ho any Miandrandra. Rehefa natao famotorana ambangovangony dia nanonona ny namany izay mpiray tsikombakomba amin’ny halatr’omby izy. Nandritra ny famotorana hatrany no nahalalana fa tao amin’ny faritra Behenjy, Miantsoarivo sy Ampahimanga ilay toerana fanaovan’izy ireo asa ratsy matetika. Rehefa nosavaina ihany koa ny sakaosy nentiny dia nahitana antsy iray, fanafody gasy ary vy maranitra miendrika « trident » tao anatiny. Nentina avy hatrany hisambotra ny namany mipetraka ao Ankafanana kaominina Miantsoarivo I Naivo be no nikasa hitsoaka rehefa tonga teo amin’ny toerana atao hoe Mirary kaominina Miantsoarivo. Mody nangataka ny hivalan-drano izy kanjo vaky nandositra. Nampitandrina azy mba hijanona ny zandary saingy mbola notohizany ihany ny fandosirany, izao izy voatifitra izao.

*Voatifitra teo amin'ny lamosiny izy rehefa nikasa handositra ka maty vokatry ny ratra nahazo azy.*

**Deyland**

Arivonimamo

# 2 lahy tratra nitondra basy vita gasy sy fanamiana mpitandro filaminana

Lehilahy roa no nahatratrarana basy tsy ara-dalàna ka voasambotra tany Ambohipeno Arivonimamo ny alakamisy alina lasa teo. Teo am-panaovana ny asany teo amin’ny “barrage de sécurité pk 48” tany antoerana ny polisy no nahita lehilahy roa nitaingina môtô tsy nisy plaque d’immatriculation”. Nampiahiahy ireo mpitandro filaminana avy hatrany ry zalahy ireo ka nosakanana ilay môtô. Nijanona izy ary natao ny fisavana rehetra tokony natao ka nandritra izany no nahitana fa nitondra fitaovam-piadiana tsy ara-dalàna ireto lehilahy ireto. Tratra tany amin-dry zalahy nafeniny tao anatin’ny sakaosy nentiny mantsy ny basy vita gasy miaraka amin’ny bala 12 mm. Dia nisy antsy ihany koa tany niampy ody gasy maromaro, ary hita tany amin’izy roa lahy hatramin’ ny fanamiana mpitandro filaminana mihitsy aza. Teo anatrehan’izany dia nentina avy hatrany nankany amin’ ny biraon’ny polisy ireto lehilahy ireto. Notanana natao andrimaso tany ry zalahy taorian’izay. Nogiazana ihany koa ireo fitaovana tratra tany amin’izy ireo. Mitohy ny famotorana mialoha ny hitondrana ny raharaha any amin’ny fampanoavana.


Ireo fitaovam-piadiana sy fanamiana miaramila tratra tany amin'izy roa lahy.

**T.H**

## MANAL’AZY DE MI’MEME



Adin'ny mpivady

# Notondrahan'ilay rangahy asidra ny vadiny nahatratra azy nampirafy


Date et lieu de naissance : 28 Novembre 1986 à Antsirabe.

Filiation : Fils de RAKOTONDRINA Andrianasolo et de RAVONIARIVELO Florence

CIN : 109.011.011.244 du 13 Juin 2005 à Betafo

Profession : Cultivateur

Motifs : Tentative d'assassinat.

Dernière adresse connue : Lot 0718 E 293/294 Verezambola Antsirabe

**Ilay lehilahy karohina !**

Dia tonga amin'ilay fitenenana hoe « Gisa lahy homan-ketsa ka izy mangalatra indray no avo vava ». Ilay rangahy tratra nampirafy indray no nahavita nanondraka ilay ramatoa vadiny tamin'ny asidra noho ny hatezerana. Voalaza mantsy fa efa ela no nanaovan'ilay rangahy io toetra ratsiny io ka tsy zakan'ilay ramatoa intsony. Nony farany dia tapa-kevitra ny hisaraka amin'ilay rangahy izy ka nitondra ny raharaha tany amin'ny Fitsaràna. Izay indrindra no naha-romotra ilay rangahy satria ilay ramatoa indray no nilàny vaniny ary dia io notondrahany asidra io. Naratra mafy vokatr'izany moa ilay ramatoa ka efa nalefa notsaboina any amin'ny hopitaly. Araka ny fanazavàna azo, mpivady ara-dalàna manan-janaka roa ry zareo. Tany Tsiroanomandidy no niseho ny tantara ny 10 Martsa 2023. Niasa tamin'ny sampandraharaha mpikirakira vola ireny ilay ramatoa fa ilay rangahy kosa mpanao asa an-tselika. Tamin'izany no efa nanao ny toetra ratsiny hatrany ilay rangahy tamin'ny fiarahana tamin'ny vehivavy hafa sy ny fisotroana.

*Nangataka fisarahana tany amin'ny Fitsaràna mihitsy ilay ramatoa ka izay no naha-romotra ilay rangahy.*

**Karohina fatratra**

Tofoky ny ditrany anefa ilay ramatoa ka io tapa-kevitra ny hisaraka tamin'ny vadiny io, izay nahatezitra ity farany. Indray hariva, nandrasany teo am-bavahavady ny hariva avy niasa ilay ramatoa. Ka raha iny tsy nanam-po na inona na inona iny no tonga dia notondrahany tamin'ny asidra. May vokatr'izany ny tarehin'ilay ramatoa. Nitsoaka nandositra ilay rangahy taorian'izany. Hatramin'izao dia mbola manohy manaraka fitsaboana foana ilay ramatoa ka voatery niverina any Toamasina toerana misy azy. Karohin'ny mpitandro filaminana fatratra kosa ilay rangahy amin'izao satria tsy hita mihitsy ny nanjavonany.

**R.C**

Tsiroanomandidy

# Kandidà solombavambahoaka nisy nikasa hitifitra, lehilahy iray matin'ny zandary

*Dahalo raindahiny fantatra amin'ny anarana hoe "Taxi" ity maty voatifitra ity.*

Nandritra ny fihaonanan'ity Kandidà ho Solombavambahoaka iray tamin'ny vahoaka tao Sarotravoaka, kaominina Bemahatazana, distrikan'i Tsiroanomandidy ny Alakamisy lasa teo tokony ho tamin'ny 4ora sy sasany hariva no raikitra ny sakoroka. Voalaza mantsy fa nisy lehilahy iray miaraka amin'ny basy nikendry hitifitra ilay Kandidà, izay nisy nahatsikaritra. Nifanenjehan'ny olona avy hatrany io lehilahy io. Nampandrenesina ihany koa ny mpitandro filaminana. Fotoana fohy taorian'izany dia tonga tany an-toerana ny zandary avy ao Bemahatazana, izay notarihan'ny Komandàn'ny borigady satria nandeha môtô ireo. Nifanenana tamin' ireo olona marobe nanenjika ilay olon-dratsy tao Atsimombohitra, kaominina Bemahatazana ireo zandary. Vao nahatazana ireo anefa ilay olon-dratsy dia nitifitra tamin'ilay basy teny antanany. Namaly tifitra ihany koa ny zandary ka tamin' izany no naha-lavo io olondratsy io.

**Mpampihorohoro**

Tamin'ny fanadihadiana natao no nahafantarana fa dahalo raindahiny fantatra amin'ny anarana hoe "Taxi" ity maty voatifitra ity. Voalaza fa anisan'ny mpampihorohoro ny mponina tao amin'ny faritr'i Bemahatazana sy Miandrarivo izy ity. Nandray anjara amin'ny fanafihana narahina halatr' omby tao Ampandrana, fokontany Ambatofotsy, kaominina Bemahatazana ny 18Aprily lasa teo izy ity, izay nahafaty miaramila iray nandritra ny fifandonana tamin'ireo dahalo. Tsy fantatra mazava moa izay tena tanjony tamin'ny saika hitifirany ity Kandidà ity io. Ilay Kandidà izay voalaza fa tonga haka tso-drano tamin' ny vahoakan'i Bemahatazana. Sanatria ve dia mety hisy ambadika politika ? Efa eo am-pelatanan'ny mpitandro filaminana moa ny raharaha amin'izao ka mandeha ny fanadihadiana. Mbola tratra teny amin'ity olon-dratsy ity ny basy poleta vita gasy nampiasainy.

**R.C**


**Ilay dahalo maty**


**Ilay basy tratra !**

TATSY SY TAROA

***# Nanatanteraka fivoriana ny "OMC NAT" nanadritra ny fandalovan'izy ireo tao amin'ny Faritra Anosy sy Distrikan'Amboasary atsimo.*** Nitarika izany ny Praiminisitra Lehiben'ny Goverinemanta Ntsay Christian, ny Sabotsy teo. Nojerena nandritra ity fihaonana ity ireo fomba rehetra entina mametraka ny fandriampahalemana any antoerana. Tao anatin'izany no nihainoan'ny Praiminisitra ireo tompon'andraikitra isan-tsokajiny, sady nanomezany toromarika amin'ny tsy maintsy hanamafisana ny ady atao hanafoanana ny asa ratsin'ireo dahalo any amin'ny Faritra Anosy sy Androy. Hatevenina ny asa ataon'ireo mpitandro filaminana any an-toerana, indrindra fa any amin'ny tontolo ambanivohitra rehetra ; mba ho antoka ho an'ny vahoaka ahafahany miatrika ny fiainany andavanandro. Hisy avy hatrany ny hetsika izay hatao amin'ny herinandro ho avy io ao amin'ireo Faritra ireo.

***#Lehilahy iray no maty kilan'ny afo tao anaty trano may tao amin'ny toby fiantsonan'ny takisbrosy ao amin'ny fokontany Tanakidy kaominina sy distrika Vangaindrano, tamin'ny sabotsy teo.*** Trano kely iray ity nirehitra ity ary voalaza fa tsy nahatsikaritra mihitsy raha tsy efa maraina ny andro. Gaga ny mponina nahita ny zava-misy ary rehefa nozahana dia olona iray no maty kila tao. Araka ny angom-baovao dia mampiahiahy ihany ity tranga ity. Voalazan'ny olona fa toerana misy fasika no iorenan'io trano io. Voarara anefa ny fangalana fasika eo ary misy tsy faly noho izany antony izany. Ahiana mafy ho izay araka izany no olana niteraka olana. Mbola mitohy ny fanadihadiana ka andrasana izay mety ho vokany.Ny zandary ao amin'ny brigady Vangaindrano no misahana ny raharaha.

**Deyland**

Betroka

# Basy miisa enina tsy ara-dalàna saron'ny zandary



**Ireo basy tratra !**



**Ilay lehilahy voasambotra !**

Nandritra ny fisavàna nataon' ny mpitandro filaminana tao amin'ny tranon'ity lehilahy iray, izay malaza ho mpanao trafikam-basy tao amin'ny fokontany Avaradrova, kaominina Isoanala any Betroka no nahatratrarana basy miisa enina tsy ara-dalàna tao aminy. Fanangonam-baovao nataon'ny zandary no nahafantarana fa misy lehilahy mpivarotra sy mpanamboatra ary mpamatsy basy dahalo ao amin'io toerana io. Nidina ifotony nanao ny fanadihadiana avy hatrany ny zandary ka tratra tao amin'ilay trano voalaza tokoa ilay lehilahy. Mbola tratra tao aminy ihany koa ireo basy maro ireo niaraka tamin'ny fitaovana maromaro. Voasambotra ihany koa ilay lehilahy ary nogiazan'ny zandary ireo fitaovam-piadiana tao aminy. Mbola mitohy hatrany kosa ny fikarohana ataon'ny mpitandro filaminana ireo rehetra mpiray tsikombakomba amin'ity lehilahy ity.

**R.C**

Kandidà Olga Ramalason

# Tsy nisy didim-pitsarana na ny nampidirana azy teny Antanimora na ny namoahana azy

*Afaka manohy ny fanomanana ny fiatrehany fifidianana io ben'ny tanànan'Antsirabe I teo aloha sady afaka hanatanteraka ihany koa ny fampielezan-kevitra.*

Ny zoma hariva lasa teo no navoaka ny fonjan'Antanimora ny kandidà ho solombavambahoaka Olga Ramalason, rehefa nampidirina am-ponja tamin'ny alarobia. Izany hoe nijanona 72 ora teny an-toerana, taorian'ny niantsoan'ny fitsarana misahana ny ady amin'ny kolikoly azy. Araka ny loharanom-baovao akaiky io kandidà hirotsaka amin'ny anaran'ny Vovonana Firaisan-kina any amin'ny distrikan'Antsirabe I io dia tsy nisy didim-pitsarana voarakitra an-taratasy na tamin'ny fotoana nampidirana azy am-ponja, na ny namoahana azy teny Antanimora. Ny dikany, afaka manohy ny fanomanana ny hiatrehany fifidianana io ben'ny tanànan'Antsirabe I teo aloha no afaka hanatanteraka ihany koa ny fampielezan-kevitra, manomboka amin' ny 8 mey ho avy izao. Ny fanontaniana manitikitika ny saina fotsiny manoloana ny zava-nisy dia ny hoe : Avy aiza ny baiko nampiditra vonjimaika azy tany amponja ary avy aiza indray ny teny midina namoaka azy teny Antanimora ? Ny tsiliantsofina re fotsiny dia hoe tompon'andraikitra ambony izay kandidà ihany koa no tao ambadik'iny raharaha iny. Asa ho fampitahorana ve na sotasota sa antony hafa ? Rtoa Olga Ramalason sy ireo olona manodidina azy rahateo nisafidy ny tsy haneho hevitra, teo ampivoahana ny fonja, ankoatry ny hoe namaly vavaka Andriamanitra ary raisiny ho sedra ny tranga nihatra taminy. N'inon'inona mety ho valin'io fanontaniana napetraka eo ambony io io dia efa fampielezankevitra ho an'ny kandidà ny zava-nisy.

V.R.



**Rtoa Olga Ramalason teo am-pivoahana ny fonjan'Antanimora.**

## Marina izany !

### Tsy nifankahita !

**Tsy arakaraky ny nolazaina fa mitohy hatrany ny fahatapahan-jiro sy rano. Lavitr'ezaka ny famahana ny olan'ny rano fisotro madio eto an-denivohitra. Saika ny toerana rehetra no mikaikaika. Misy mihitsy ny kartie amambolana no efa tsy nanana rano fisotro avy amin'ny Jirama, raha tsy hiresaka afa-tsy ny eny Itaosy. Vokany, ireny fihetseham-bahoaka mitaky ny hamahana ny olana ireny. Tamin'ny herinandro lasa teo dia niparitaka teny amin'ny tambazotra sôsialy ny fiantsoana vahoaka ho eny amin'ny kianjan'ny 13 mey, ny asabotsy 27 aprily haneho hetsika fa leo delestazy. Tsy nifankahita anefa ny mpitandro filaminana sy ny mpitokona satria nangadihady ny kianja fanaovana hetsi-bahoaka. Asa tsy namaly ny antso ve ny vahoaka nantsoina sa paika hamitahana ny mpitandro filaminana fotsiny ? Hetsika izay ahiana hitohy raha mbola mitohy ny fahatapahana. Asa tena heverin'ny tompon'andraikitra fa hamaha olana ve ny fivarotan-drano ? Ny valiny dia tsy am-pisalasalana no ilazana hoe tsia avy hatrany satria ny any ampaosin-dRamalagasy, amin'ny ankapobeny mihitsy no efa ambivitra, vokatry ny olana ara-tsôsialy samihafa: Fidangan'ny vidim-piainana; ny tsy fisian'asa ; ny halatra tany sy ny fandravana trano izay mampitombo andro aman'alina ny mpatory amoron-dalana sy ny mpanagataka eny an-tsena. Toy izany koa ny firongatry ny tsy fandriampahalemana sy ny kolikoly eny anivon'ny fitsarana izay matetika mampiova ao anatin'ny indray mipi-maso ny fiainan'ny tokatrano voatafika na iharan' ny tsindry hazo lena sy ny tsindrio fa lavo. Manoloana ireo rehetra ireo, ny azo antoka dia tsy vahaolana petatoko na vonjy rano vaky akory hamerina amin'ny laoniny ny fiainan-dRamalagasy.**

Voahangy Rakotozafy

Fifidianana solombavambahoaka

# Hanana mpanara-maso 2 300 handrakotra distrika 120 ny SAFIDY




**Hirotsaka an-tsehatra amin'ny fanaraha-maso ny fifidianana ny SAFIDY.**

Mahatsapa ny Ivontoerana Safidy fa mivoatra hatrany ny tranga ara-pifidianana sy ny tontolo manodidina izany eo amin'ny firenentsika ka tapa-kevitra ny hirotsaka an-tsehatra amin'ny fanaraha-maso ny hazakazaka ho eny Tsimbazaza amin'ny 29 May izao izy ireo. Ny faran'ny herinandro teo, nampahafantatra io Sampana Anarahamaso ny Fifidianana, Ivon'ny Demokrasia Ifarimbonana io raha namoaka fanambarana fa hanana mpanara-maso 2300 miparitaka amin'ny distrika 120 manerana ny Nosy izy ireo. Araka ny fanazavana, nisafidy ny hirotsaka ho mpanara-maso ny fifidianana izy ireo noho ny fahatsapany fa adidy masina fa adidy masina vonona hiaro hatramin'ny farany ny safidim-bahoaka sy hitondra ny anjara biriamin'ny maha olom-pirenena mandray andraikitra sy amin'ny maha mpikambana feno azy ireo ao amin' ny firaisamonim-pirenena izany. Ao anatin'izany rehetra izany, notsipihan'ireo mpitarika eo anivon'ny SAFIDY fa manana fototra ijoroany ireo mpanara-maso ny fifidianana ireo ka tsy voasanda vola na mora andairan'ny tsindry, fa kiny amin'ny fanamafisana ny demokrasia sy fanajana ny tany tan-dalana ary ny fampanajana ny zo fototra maha olona eto Madagasikara.

*Nanome toky izy ireo fa vonona hiaro hatramin'ny farany ny safidim-bahoaka ka tsy ho voasanda vola na mora andairan'ny tsindry.*

**Hijery akaiky ny CENI**

Mifanindran-dalana amin' izany, manolona io asa fanaraha-maso hataon'ny SAFIDY io dia nikarakara fanofanana ireo mpampiofana miisa 20 sy ireo mpanara-maso tompon'andraikitra eo amin'ireo distrika 120 io firaisamonimpirenena io tamin'ny herinandro ambony. Ny tanjona, araka ny fanazavana hatrany dia mba ahafahan'izy ireo mahafantatra sy mifehy ny fomba fanangonam-baovao, ny fitaovana ara-teknika ampiasaina sy ny tatitra rehetra momba ny vokatry ny fanaraha-maso ny fifidianana. Isan'ny taranjampiofanana nomena azy ireo tamin'izany ihany koa ny fanaraha-maso ny Vaomieram-pirenena Mahaleotena misahana ny fifidianana.

Mamy R.

Fifidianana solombavambahoaka any Inde

## 543 no isan'ny depiote hofidiana ary ny 4 jona izao no ho fantatra ny vokatra

Raha amin'ny 29 may ho avy izao no hotanterahina ny fifidianana izay ho mpikambana eny amin'ny Antenimierampirenena eto amintsika, efa nanomboka tamin'ny 19 aprily lasa teo kosa ny any Inde. Fifidianana izay marihina fa mandeha isam-paritra, noho ny firenena Indiana midadasika. Misy andiany enina ny fifidianana ary raha folo andro lasa no nanomboka, araka ny efa nomarihin etsy ambony dia amin'ny 1 jona kosa no hifarana. Araka ny efa nampahafantarina ny vahoaka mialoha dia amin'ny 4 jona ho avy izao no hivoaka ny valim-pifidianana. Mahatratra 543 ny isan'ny solombavambahoaka hofidiana, raha 960 tapitrisa ny mpifidy voasoratra anaty lisitra handatsa-bato ka ny 470 amin'ireo vehivavy. Voalaza fa mahatratra 15 tapitrisa ny olona miasa, tafiditra amin'ny fikirakirana sy ny fanomanana ny fifidianana izay eo ambany fitarihan'ny vaomieram-pirenena ho an'ny fifidianana (Election Commission of India). Mpitandro filaminana miisa telo alina kosa no voalaza fa manara-maso ny filaminana, mandritra ny fifidianana sy ny fitandroana ny fandriampahalemana, amin'ny ankapobeny. Araka ny loharaom-baovao avy amin'ny fampitam-baovao any ivelany dia hita taratra tanteraka ny demôkrasia any Inde.

V.R.



**Ny mpifidy Indiana mitandahatra manoloana ny birao fandatsahambato.**

Minisitra notendren'ny filoha Rajoelina tamin'ny 2009

# Samy manana ny lalany ankehitriny ireo niara-nitolona teny amin'ny "13 mey"

*Ny didy navoakany voalohany raha vao voatendry minisitra teo amin'ny kianjan'ny 13 Mey Rtoa Razanamahasoa Christine dia ny fisamborana an'Ing Marc Ravalomanana, izay mbola filoham-pirenena tamin'izany.*

Mba firy sisa tamin'ireo minisitra notendren'ny filoha Rajoelina hiditra tao anatin' ilay governemanta tetezamita tamin'ny febroary 2009 no mbola tavela miaraka aminy sy manohana azy hatramin'izao. Tsikaritra fa samy manana ny lalany ankehitriny ireo niara-nitolona teny amin'ny "kianjan' ny 13 mey". Misy tamin'izy ireo no efa niala an-daharana mialoha raha mbola tsy tapitra akory ny fe-potoana nisian'ny fitondrana tetezamita. Nisy indray ireo niendaka taminy tato aoriana rehefa vita ny fifidianana filohan'ny repoblika tamin' ny taona 2013. Fa nisy ireo mbola niaraka taminy hatrany taorian'ny nahavoafidy azy ho filohan'ny repoblika ny taona 2018. Anisan'ireny Razanamahasoa Christine, Hajo Andrianainarivelo, Augustin Andriamananoro, ary Ny Hasina Andriamanjato.

**Lasa mpanohitra**

Nivadika ny rasa. Lasa miara-dia amin'ny mpanohitra ankehitriny Razanamahasoa Christine sy Hajo Andrianainarivelo. Ity farany, izay niara-nanorina ny Vovonana ARMADA niaraka tamin'ny filoha Rajoelina no niala voalohany rehefa nanambara fa tsy hiditra ao anatin'ny governemanta intsony taorian'ny fanovana farany natao mialohan'ny fahataperan'ny fotoampiasan'ny filoha Rajoelina. Nilatsaka ho kandidà depiote ao anatin'ny distrikan' Avaradrano ny tenany ary lohalisitra amin'ny anaran' ny Kolektifa an'ny Malagasy. Izy rahateo no mitarika ity Vovonana elatra iray miaraka amin'ny fianakaviamben'ny mpanohitra ity. Rtoa Razanamahasoa Christine indray dia anisan'ny mpitolona nafana fo tokoa teo amin'ny kianjan'ny 13 Mey tamin'ny febroary 2009. Ny didy navoakany voalohany raha vao voatendry minisitra teo amin'ny kianjan'ny 13 Mey Rtoa Razanamahasoa Christine dia ny fisamborana an'Ing Marc Ravalomanana, izay mbola filoham-pirenena tamin'izany. Tato aoriana dia voafidy ho depiote miaraka amin'ny MAPAR ny tenany, ary lasa filohan'ny Antenimierampirenena ny taona 2019. Tao anatin'ny vanimpotoana hanatanterahana ny fifidianana filohan'ny repoblika ny taona 2023 teo no tsy nitovy hevitra tamin'ny filoha Rajoelina intsony ny tenany, izay niafara tamin'ny fanesorana azy tsy ho depiote intsony. Mbola nilatsaka kandidà ho depiote ao anatin'ny distrikan'Ambatofinandrahana indray ny tenany amin'izao, kandidà tsy miankina saingy tohanan'ny vovonana Firaisankina, izay miara-dia amin'ny mpanohitra.

**Mbola manohana**

Anisan'ireo nijanona mbola miara-dia amin'ny filoha Rajoelina kosa na Ing. Ny Hasina Andiamanjato, na ny minisitra teo aloha Augustin Andriamananoro. Iry voalohany na dia tsy tazana loatra intsony teo amin'ny sehatry ny pôlitika dia mbola nanohana ny filoha Rajoelina indray nandritra ny fampielezan-kevitra fifidianana filohan'ny repoblika tamin' ny 2023. Tsy misy andraikitra na toerana mazava nanendrena azy hatreto. Ing. Augustin Andriamananro indray dia notendrena minisitra tao anatin'ny governemanta natsangana ny volana desambra 2023. Taorian'ny fametrahany fialana tsy ho minisitra dia kandidà ho depiote miaraka amin'ny IRMAR ao Antananarivo I ny tenany.
Fehiny, tonga amin'ny tsotsori-mamba isarahana ankehitriny ireo mbola niaraka sy nanohana ny fitondrana Rajoelina taorian'ny 2018. Tsy miara-dia amin'ny filoha Rajoelina intsony ankehitriny Rtoa Razanamasoa Christine sy Ing Hajo Andrianainarivelo raha mbola mijanona sy manohana azy kosa hatramin'izao ny minisitra teo aloha Augustin Andriamananoro sy Ing Ny Hasina Andiamanjato.

L .R.

Vovonana Firaisankina

# "Misy hosoka sy fangalarambato iniana ampanaovina ny filoham-pokontany eto"




Milaza ny ho sahy hamaky bantsilana ire endrika fandikan-dalana amin'ny fifidianana depiote ny Firaisankina Tana II. (Sary : Kelly R.)

Iray volana mialoha ny fotoana voatondro hanatanterahana ny fifidianana solombava,mbahoaka, mahatsikaritra endrika hosoka sy fangalaram-bato sahady ry zareo eo anivon'ny Vondrona Firaisankina. "Mampahafantatra izay fa misy ny hosoka sy fangalaram-bato iniana ampanaovina ny filohampokontany erak'i Madagasikara izay manangona karapifidianana maro takalona fanampiana ara-tsosialy. Ankehitriny, eo am-panangonana ny porofo rehetra izahay ka mampitandrina ireo mpampanao izany heloka bevava izany", hoy io elatry ny mpanohitra ivondronan'ny TIM, HVM, Tsara Tahafina, APM ary Pro-Siteny io tamin'izany. Ao anatin'izany rehetra izany, miantso ireo herivelona misehatra amin'ny fanaraha-maso na amin'ny fikirakirana io fifidianana solombavambahoaka io mba handray andaikitra ny Vondrona Firaisankina. "Miantso ny firaisamonimpirenena hifanome tanana hanara-maso io toe-draharaha mamohehitra io izahay. Manao antso avo amin'ny CENI sy ny HCC ihany koa izahay mba handray ny andraikitra tandrify azy ireo ny amin'ny fampitsaharana tsy misy hatakandro izany fanao ratsy izany ary hanamafy ny fampangaraharana ny fifidianana", hoy hatrany izy ireo.

**Komity manohana**

Mikasika izay firosoana amin'ny fifidianana solombavambahoaka izay hatrany, nampahafantarina tamin'ny fomba ofisialy tetsy amin'ny Panorama tamin'ny sabotsy teo ny fitsanganan'ny komity manohana ny Firsaisankina eny amin'ny Boriboritany faha-2. Naneho ny fanohanany tsy misy fepetra ny kandida Randrianarisoa Stanislas fantatry ny maro amin'ny hoe Rastany ireo lohandohany eo anivon'izany komity izany, izay ahitana solontenan'ny mpianatra, ny tanora, ny vehivavy ary ireo mpitarika fikambanana miaradia amin'ny Firaisankina. "Iaraha mahita fa latsaka ankaterena tanteraka ny firenena ary mijaly noho ny afitsoky ny tsimatimanota ny Malagasy. Koa manainga anao hanohy ny tolona ho an'ny fanovana ka haneho ny safidinao amin'ny fifidianana solombavambahoaka amin'ny faha-29 May ho avy izao. Tsy vitan'izany, fa hijoro ho an'ny tombontsoa ambonin'ny firenena ka hanohitra ireo endrika tsy fanarahan-dalana sy hala-bato rehetra isika", hoy izy ireo tamin'izany.

Mamy R.

## Any ivelany

Fandefasana mpitsoa-ponenana any Rwanda

# Mitazona ny heviny ny Britanika na dia nokianin'ny Firenena Mikambana

Olana goavana ho an'ny ankamaroan'ny firenenna Eôrôpeana, tato anatin'ny taona maromaro izao ny fisian'ireo tera-tany hafa miditra an-tsokosoko any amin'ny tanin'izy ireo. Anisan'ny miaina izany ny vahoaka Frantsay ary tsy mitsahatry ny manery ny mpitondra ao aminy hitady vahaolana, saingy mbola mijanona ho resaka aloha izany. Mifanohitra amin' izany koa any "Royaume-Uni" satria nandray fanapahan-kevitra hentitra ary nanao fifanarahana i Rwanda ny fanjakana Britanika, mba handray ireo mpitsoa-ponenana mialokaloka any amin'ny taniny. Fanapahankevitra nahazoan'ny mpitondra any "Royaume-Uni" fanakianana avy amin'ny "Haut Commisaire des Nations Unies" (HCR), saingy nitazona ny heviny hatrany ny fanjakana any an-toerana. Fifanarahana nambaran'ny Firenena Mikambana ho tsy mifanaraka amin'ny zo iraisampirenena mahakasika ny mpitsoa-ponenana. Antony, voalazan'ny Firenena Mikambana ho mampiasa modely mifanohitra amin'ny fifanarahan'ny iraisam-pirenena miaro ny mpitsoa-ponenana ny fanjakana Britanika.

**Tsy voatery hitovy hevitra**

Manoloana ny fanakianana, nanamarika ny minisitry ny atitany Britanika fa nanaitra azy ny fanakianana nataon' ny HCR, niantefa tamin'ny Rwanda. "Manaja ny Firenena Mikambana i Royaume Uni ary anisan'ny nandray tamin'ny fivoriana voalohany, notanterahina tany Londres, saingy tsy voatery hitovy hevitra amin'ny HCR", hoy ny minisitry ny atitany Britanika. Araka ny loharanom-baovao avy any ivelany dia nandritra ny fandalovan'ny minisitry ny atitany Britanika, James Cleverly tany Italie, nifandinika tamin'ny minisitry ny atitany Italiana no nandalovany ny "Lampedusa" , ny ampitson'ny nandraisan'ny solmbavambahoaka Britanika ny volavolandalàna mikasika ny vahaolana hampitsaharana ny fidiran'ny mpitsoa-ponenana an-tsokosoko any "Royaume-Uni". Tsiahivina fa zavon-tany ireo mpifindra monina, avy amin'ny kaontinanta Afrikana no nandalo ny ranomasina Méditerranée ary miditra an-tsokosoko any amin'ny nosy "icilienne de Lampedusa". Nanamafy ny paikadiny handroahana ireo mpitsoaponenana any amin'ny taniny i Britanika, mba hanafoanana tanteraka ireo tera-tany hafa mpiditra an-tsokosoko

V.R.



Ireo mpitsoa-ponenana. (Sary tahiry)

**TOLOTRA MANOKANA Gazetiko**

Noho ny fahatraran'ny Gazety GAZETIKO ny faha 20 taonany dia misy tolotra manokana amin'ireo "Petites annonces" izay 500 ariary isan'andro. Atero aty amin'ny MIDI PUBLICITE 6, lalana Robin Ramelina Andohan'Analakely Ambatonakanga na aty amin'ny foiben'ny GAZETY Ankorondrano ny "Petites annonces".

*"Izay tonga aloha tompon-tanindrazana."*

*Fenoy amin'ny sorabaventy ny tapakila eto ambany ary atero amin'ny adiresy voalaza etsy ambony.*

Anarana : Fanampiny :

Adiresy : Nomerao C.I.N : Tél. :

IFIRP

## Nitokona ireo mpianatra paramedy




Tsy afaka nijanona ela teo izy ireo fa voaroaka.

Dila ny 100 andro nomen'ireo mpianatra ao amin'ny IFIRP ny minisiteran'ny Fahasalamam-bahoaka. Nangataka ny hamahana ny olan'izy ireo ireto mpianatra ireto ka anisan'izany ny fitakiana ny fandraisana mpiasampanjakana sy ny fanatanterahana ny tapaka nandritra ny Filankevitry ny minisitra, taorian'ny Covid-19, nefa tsy nisy resaka, na mba nikarakara hatramin'izao. Nitokona tao amin'ny faritry ny minisiteran'ny fahasalamam-bahoaka izy ireo ny zoma hanehoana ny tsy fifaliana. Tsy nomena alalana hijanona ela fa noroahina tao izy ireo. Voalaza fa tsy ny teto Antananarivo ihany fa hatrany amin'ny faritra misy io fitakiana io avokoa. Nisy solontenan'izy ireo ihany koa nitokona tamin'io fotoana io. Anisan'ny olona niasa mafy nandritra ireny valanaretina covid 19 ireny ireo paramedy ary niantokaina mihitsy satria tsy afaka nialangalana fa tsy maintsy niasa. Mbola milaza tsy manaiky ireto paramedy ireto fa hanohy ny fitakiana ny zony.

**Nath**

Mangarano Toamasina

# Nofongarin'ny olona ny vary lo efa nalevina

*Nisisika haka ny vary ireo olona na dia nosakanan'ny mpitandro filaminana.*

Loza no nitranga tao Toamasina. Araka ny vaovao voaray avy any an-toerana dia nofongarin'ny olona ny vary lo efa nalevina tao Mangarano ny alin'ny zoma lasa teo. Tonga nisakana ireto olona ireto ny mpitandro ny filaminana. Raha ny fantatra anefa dia efa tamin'ny alakamisy alina no efa nisy olona tonga nangady teny amin'ity toerana ity. Niely ny resaka ka tonga hatramin'ireo mponina avy any Tanandava sy Besakay. Nikiry haka ny vary ireo olona na dia teo aza ny sakana nataon'ny mpitandro filaminana. Nitaraina ireto farany fa noana tsy manan-kohanina ary nanamafy fa nisy naman'izy ireo efa nahazo sy nihinana io vary io, ary salama tsara tsy nisy narary. Nanamafy ny lehiben'ny fampanoavana eo anivon'ny Fitsarana ambaratonga voalohany niaraka tamin'ny OMC (Organe Mixte de Conception) Toamasina fa tsy azo hanina ireo vary ireo matoa nalevina ary nentanina ireo olona mba tsy hihinana izany. Marihina fa namoahana taratasy fanamarinana avy any amin'ny laboratoara ireto vary ireto fa tsy azon'ny olombelona hanina taorian'ny nakana ny santionan'ny vary tany amin'ny fitoeram-barin'ny tompony. Eo anatrehan'izany rehetra izany, nisy tamin'ireo mponina tao Mangarano no nitaraina fa tsy tokony alevina eny amin'ny faritry ny tanàna misy azy ireo ireo vary lo ireo noho ny tahotr' ireto farany amin'ny tsy fandriampahalemana aterak' izany. Fanindroany no nisy tranga toy izao ny tany Toamasina. Vao tamin'ny tapa-bolana lasa no tonga namongatra ireo vary simba nalevina tao Antsarimasina koa ireo olona tany antoerana rehefa niala teo amin'ny toerana ny mpitandro filaminana.



Tranga niseho tany Antsarimasina tamin'ny tapa-bolana lasa. (Tahirin-tsary)

**R. Muray**

Antenimieran'ny Varotra

# Mikarakara fihaonana amin'ny orinasa frantsay



Liana tamin'ny famelabelaran-kevitra sy adihevitra ireo mpandray anjara.

Antoka amin'ny fivelaran'ny fandraharahana eto Madagasikara fikarakarana fihaonana amin'ireo mpandraharaha vahiny. Amin'ny 22 ka hatramin'ny 24 mey ho avy izao, misy ny fihaonana ara-pandraharahana karakarain'ny Antenimieran'ny varotra sy ny indostria eto Antananarivo, na ny CCIA, ao amin'ny foibeny eny Antaninarenina. Orinasa frantsay valo no fantatra fa ho avy hifanakalo hevitra amin'ireo orinasa malagasy handray anjara. Fiarahamiasa amin'ny CBOA (Club d'Entreprise Bordeaux Afrique) sy ny Antenimieran'ny varotra sy indostria Bordeaux Gironde no ahafahan'ny CCIA mikarakara ity fihaonana ity. Samy manana ny sehatrasa iasany avy ireto orinasa frantsay nafarana ireto toy ny eo amin'ny lafiny famokarana herinaratra avy amin'ny angovo azo havaozina, varotra sy fanondranana entana, fampitaovana amin'ny herinaratra, serasera sy fifandraisan-davitra ary kajy mirindra sy fampiofanana, fanaovandraharaha manodidina ny solika, fitaterana an-dranomasina, fitaterana iraisampirenena, fanaovan-draharaha anaty rano, sns. Misokatra ho an'ireo orinasa malagasy liana ny fandraisana anjara amin'ity fampihaonana ity. Ankoatra ny fifanakalozana traikefa sy fifampizarana fahaizamanao mety ho azon'ireo mpandray anjara dia anisan' ny lehibe indrindra amin'ny fihaonana toy izao ny fitadiavana lalam-barotra vaovao na koa ny fametrahana fifanaraham-piaraha-miasa eo amin'ireo orinasa mpandray anjara, indrindra fa amin'ireto orinasa frantsay nafarany avy any Ivelany ireto.

**R. Muray**

"American center" Antananarivo

# Ho an'ny daholobe, ahazoam-baovao sy fampianarana teny anglisy

*"Ny fisokafan'ny American Center indray dia marika lehibe amin'ny ezaka ataontsika hampiroborobo ny fifankahazoana sy ny fiarahamiasa ary ny fivoarana eto Madagasikara sy any ivelany. Isika rehetra miaraka, andao hiaraka handroso hikaroka zava-baovao sy fiaraha-miasa hananganana ho avy mamiratra kokoa ho an'ny rehetra"*, hoy ny Ambasadaoro Amerikanina Claire Pierangelo nandritra ny nanokafan'ity farany niaraka tamin'ny "Regional Public Engagement Specialist for East Africa" dia i Shakaria Buckson sy ny mpanolontsaina momba ny serasera sy ny kolontsaina eto amin'ny Ambasady Amerikana Craig Ferguson, tamin'ny fomba ofisialy ny ivontoerana "American Center" Antananarivo vao nohavaozina y zoma lasa teo. Ny ivontoerana "American Center" dia toerana misokatra ho an'ny daholobe ary ahafahan'ny olona tsirairay mampivelatra ny fifandraisany mivantana sy an'habaka amin'i Etazonia amin'ny alalan'ny fahazoana vaovao amerikana, fampianarana teny anglisy, torohevitra momba ny fianarana any Etazonia, teknolojia avo lenta sy fahafahana manao fifanakalozana ary fandaharanasa hafa ao anatin'ny toerana izay sady tsara fandraisana no azo antoka. Manana fitaovana avo lenta ity ivontoerana ity, anisan'izany ny imprimante 3D, hanampiana ireo mpianatra momba ny siansa, teknolojia sy injiniera ary matematika hanitatra ny fahaizamanao ara-teknikan'izy ireo. Mety tsara raha anaovana hetsika atrehina mivantana na ampitain-davitra ny ivontoerana : ohatra ny fanaovana fivoriana ampitaindavitra, ny fianarana teny anglisy amin'ny alalan'ny aterineto ary ny fampiasana ireo solosaina miisa 10 misy aterineto haingam-pandeha hanaovana fikarohana ny fampiofanana. Ireo mpampianatra, mpianatra ary ireo olona rehatra liana hitsidika voalohany ny ivontoerana dia afaka misoratra anarana amin'ity rohy ity na ao amin'n : AmericanCenter.Tana@gmail.com satria voafetra ny toerana. Ny American Center Antananarivo dia anatin'ny tambajotra izay misy ivontoerana maherin'ny 700 mitovy aminy tantanin'ny governemanta amerikana manerantany mba ahafahan'ny rehe-tra misitraka vaovao mari-pototra momba an'i Etazonia sy izao tontolo izao. Ny "American Center" Antananarivo dia misokatra maimaimpoana ho an'ny rehetra ny talata maraina manomboka amin'ny 8 hatramin'ny 12 ora, ny alarobia tolakandro amin'ny 2 hatramin'ny 5 ora, ary ny zoma maraina amin'ny 8 hatramin'ny 12 ora.




Ny ivontoerana "American center" Antananarivo.

**HAR**

Minisitry ny Raharaham-bahiny japoney

# Nanamafy ny fiaraha-miasa amin'i Madagasikara

*Nihaona tamin'ny minisitry ny Raharaham-bahiny malagasy.*



Ny Minisitry ny raharaham-bahiny japoney ankavia sy ny Minisitry ny raharaham-bahiny malagasy ankavanana.

Sambany no nitsidika an'i Madagasikara ny Minisitry ny raharaham-bahiny japoney, KAMIKAWA Yoko. Fihaonana maro sosona no nentiny nanamarika ny diany ho fanamafisana ny fiaraha-miasa eo amin'ny firenena roa tonta. Lehibe indrindra tamin'izany ny fihaonana tamin'ny Minisitry ny raharaham-bahiny malagasy, Rafaravavitafika Rasata, tamin'ny sabotsy 27 avrily lasa teo. Naharitra adiny telo ora latsaka fahefany ny dinika. Voaresaka tao anatin'io fihaonana io avokoa ny fiaraha-miasa mampifamatotra ny firenena malagasy sy ny firenena japoney, ka ny haingana indrindra dia ny fanampiana japoney tamin'ny fandalovan'ny rivodoza tany amin'ny faritra Avaratra Atsinanan'ny Nosy farany teo, ny fanitarana ny seranantsambon'i Toamasina miaraka amin'ny Japoney, sns. Tsy diso anjara tamin'izany ny momba ny fanamafisan'ny fiaraha-miasa amin'ny ho avy raha tsy hilaza afa-tsy ny fanamafisana orina ara-toekarena ao anatin'ny rafitra fiaraha-miasa vaovao "Co-Creation for Common Agenda Initiative", izay mahakasika ny fampandrosoana an-tanàndehibe sy ny fanatsarana ny hay tao eo amin'ny sehatry harena an-kibon'ny tany. Samy naneho fahavononana hiara-hiasa ao anatin'ny fampandrosoana mahakasika sehatra maro lafy ireto Minisitra ireto.

**Fihaonana hafa**

Ankoatra ny fihaonana tamin'ny Minisitry ny raharaham-bahiny malagasy tamin'io andro io ihany, dia nisy koa ny fihaonan'ity Minisitry ny raharaham-bahiny japoney ity tamin'ireo teratany japoney monina eto Madagasikara sy ireo olona mifandray amin'ireo orinasa japoney mandraharaha eto Madagasikara. Nifantoka tamin'ny fanatsarana ny tontolon'ny fandraharahana sy ny fifandraisan'ny firenena roa tonta eo amin'ny sehatry ny fampandrosoana ny dinika tamin'izany. Nahazo tombondahiny tamin'ny fandalovan' ity Minisitry ny raharaham-bahiny japoney ity ny Oniversiten'Antananarivo. Nihaona tamin'ny filohan'ny oniversiten'Antananarivo sy ny tomponandraikitra misahana fampianarana sy fandalinana japoney ny tenany, ary mbola nihaona tamin'ireo mpianatra mandalina ny fiteny japoney teny amin'ny oniversite tamin'io andro sabotsy io ihany.

**R. Muray**

"Débat Francophone de la Haye"

# Tafakatra ampahavalon-dalana ny ekipa malagasy






Ireo ekipa roa niatrika ny ampahavalon-dalana tamin'ny zoma.

Mamiratra ao anatin'ilay fifaninanana iraisam-pirenena amin'ny fahaizana miady hevitra, na ny "Débat Francophone de la Haye", ny mpandray anjara malagasy. Tafakatra amin'ny ampahavalon-dalana ny ekipa malagasy roa. Tamin'ny zoma hariva lasa teo no nanaovana ny fifanitsanana teo amin'ny ampahavalon-dalana. Nifanandrina tamin'ny oniversiten'i Paris I "Panthéon Sorbonne" ny ekipan'ny UCM (Université Catholique de Madagascar), izay misy an'i Ranaivosona Lucas sy Ramanantsoa Mihaja Josie ary Razafindrazaka Ny Avo. Nitan-tsoroka ity ekipa ity, Rambinintsoa Joseph, nahazo ny faharoa tsara indrindra amin'ny fahaizana mandahateny iraisam-pirenena tamin'ny andiany teo aloha tao anatin'ity fifaninana ity, sy Rafidison Gaël, mpanazatra amin'ny fahaizana madahateny no sady efa nandrombaka ny loka mpanazatra tsara indrindra eo amin'ny fahaizana mandaha-teny nandritra ny fifaninanana iraisam-pirenena amin'ny adihevitra sy mpandresy tamin'ny fifaninana teo anivon'ny Ranomasimbe Indiana. Niatrika ny ekipan'i oniversite katolikan'i Lille kosa ny ekipan'ny oniversiten'Antananarivo, izay ahitana an'i Rabemitsiry Mario sy Rakotoson Toavina ary Hasimanana Steven. Nitarika ity ekipa ity Rasoanirainy Christina, nahazo ny loka tamin'ny fahaizana miantsehatra nandritra ny fifaninanana teo aloha, sy Rafidison Gaël. Amin'ity herinandro ity vao ho fantatra ny valin'ny fifaninana tamin'ity ampahavalon-dalana ity, satria mbola ao anatin'ny fitsarana ireo fifaninanana roa ireo ny mpitsara ankehitriny. Niompana tamin'ny lalao olympika sy paralympika 2024 ny lohahevitra tamin' ity taona ity. Tapakila hiatrehana ireto lalao ara-panatanjahatena ireto no loka miandry ireo mpandresy. Tsiahivina fa tao anatin'ny roa taona nifanesy dia tafakatra tamin'ny dingan'ny famaranana hatrany ireto ekipa malagasy roa ireto.

**R. Muray**

## Taratasy ho an-dRamala

### Mampiahiahy !

Any Ramala,

Vao oviana no noresahana teto Ramala ny amin'ilay hoe "lava ny alina" mikasika ny haizina nanjaka nanerana ny tanàna vokatry ny fahatapahan'ny herinaratra sy ny jiro. Raha tsiahivina dia nanomboka ny hariva izy io ary tapaka nandritra ny alina ka tsy niverina raha tsy tany amin'ny valo ora maraina tany. Fa omaly indray dia mbola niverina io fahatapahana io Ramala tamin'ny faritra sasany teto antanàna teto. Ny tsy nampitovy azy tamin'ilay voalohany iry, izay nitranga ny alakamisy alina hifoha zoma tamin'ny herinandro dia nanomboka maraina indray ny fahatapahana omaly ary tsy niverina ny jiro raha tsy tany amin'ny faramparan'ny tolakandro tany. Mampiahiahy ihany ity fahatapahana lavareny ity Ramala. Marihina fa ny herinaratra sy ny jiro jifaina amin'ilay orinasa mpamokatra miankina amin'ny fanjakana no resahina eto. Tena marina tokoa ve fa antony teknika no nahatonga ilay fahatapahana tamin'ny herinandro teo iny Ramala? Voalaza mantsy fa nisy tapaka ny taroby mitondra ny herinaratra! Tsy mitovy amin'ilay fahatapahana efa mpitranga mahazatra teo aloha hono izy io. Dia inona indray izany no antony hanazavana ilay nitranga omaly tamin'ny faritra sasany Ramala ? Izay ny momba an'iny fa misy zavatra faharoa tena iainkinan'ny ain'ny olona koa mbola mampiahiahy amin'izao Ramala. Ahoana ihany ity vary be dia be lazaina fa simba tratra etsy sy eroa ity ? Toa matetika loatra ilay izy Ramala? Tena mampidi-doza mihitsy ity resaka vary simba…vary simba ity! Lasa mampihinana ny tsy fihinany ny olona mihitsy. Vao tamin'ny faran'ny herinandro teo izao Ramala dia re indray fa nofongarin'ny olona, hono, ireo vary simba efa nalevina tao amin'ny tanàn-dehibe iray amin'iny morontsiraka atsinanana iny. Tranga efa niseho io herinandro vitsy talohan'izao. Hono ho'aho Ramala? Vary saika hatao inona daholo ireo? Efa aman-jatony taonina anie ireo vary simba ireo é ! Efa impiry akory izay no nahatratrarana tranga toy izany, ohatra ilay tao amin'ny tanàn-dehibe iray tao amontsiraka andrefana tao. Amin'izao fotoana izao dia toa hoe misy vary ohatra ny marikivy izany rehefa hanina, araka ny voalazan'ireo olona sendra nihinana azy. Vary vidina teny an-tsena io fa tsy hoe vary simba nofongarina akory Ramala. Misy koa resaka mandeha fa nisy amin'ireo vary namidy mora teto an-tanàna teto no tsy lany satria tsy manam-bola angaha ny olona dia nisy mpanambola indray nividy sy nanangona izany ary nivarotra azy indray. Mampiahihay daholo izany toe-javatra izany Ramala. Ny hamaranana azy Ramala dia misy fanontaniana ity? F'angaha moa ny manam-pahefana sy izay tompon'andraikitra mikasika ny varotra sy ny fanjifana tsy mba manara-maso ny tahirin'entana fa indrindra ny vary any amin'ireny mpivarotra mpamongady ireny ? Tsy tafitra ao anatin'ny andraikitra efa fanaony ve izany ? Efa lava izay Ramala fa hofaranana eo aloha ny androany, amin'ny manaraka ho hita eo ny tohiny.

## Ragasy

Fitaterana amin'ny môtô

# Tafakatra 500 000 Ar ny saran-dalana, noho ny haratsian'ny lalana

Fitaovam-pitaterana maro mpampiasa manerana ny Nosy ny môtô noho ny faharatsian'ny lalana. *" Any Fianarantsoa aho no mividy ny entana amidiko isaky ny 10 na 15 andro eo. Tsy maintsy môtô roa na telo no hofaiko hitondrana ny entana. Noho ny haratsian'ny lalana dia môtô no afaka amin'ny lalana ka tafakatra eo amin'ny 500000 Ar eo ny saran-dalana aloa amin'ny môtô iray. Ny entana zakan'ny môtô no tsy maintsy afatratra mba hahazoana tombony"*, hoy ny raim-pianakaviana iray mpivarotra any Ambohimanga Atsimon'Ifanadiana. Ity kaominina ambanivohitra ity dia isan'ny saro-dalana raha miala eo Ifanadiana ka mianatsimo miditra lalan-tany. Tsy ny eo Fianarantsoa mankany ihany no lafobe ny saran-dalana fa na ny mankany Ikongo ihany koa, satria mahatratra 300.000 Ar ny saran-dalana raha mandeha môtô. *"Saika efa môtô no ahafahana mivezivezy raha ny aty aminay satria maro ny lalana tsy afaka handehanan'ny taksibrosy intsony"*, hoy kosa ny Renim-pianakaviana iray ao Ifanadiana. Fantatra fa manomboka any Fianarantsoa, Mahasoabe, Ifanadiana, Ikongo, Vondrozo, Mananjary , Manakara, Vohipeno, Farafangana dia saika môtô avokoa sisa no ahafahana mivezivezy amin'ireo Kaominina ambanivohitra maro.

**HAR**

" Association de Diego -Suarez "

# Hametraka ny zanaky ny faritra Avaratra amin'ny toerana misy azy

*Mpanakanto avy any amin'ny faritra Diana sy Sava no tonga nanafana ny fihaoanan'ny fikambanana ADS tetsy amin'ny LMA Ampefiloha ny Asabotsy faran'ny herinandro teo.*

Hetsika ara-kolotsaina sy fanasongadinana ny fomba avy any avaratra mba hampiraisana ny mpikambana no tanjona tamin'izany raha ny fanazavan'ny Filohan'ny ADS ny kaomisera Divizionera Randriamparany Ted Steven (lany arapomba demokratika tamin'ny taon-dasa). Efa tamin'ny taona 1998 no nisian'ny fikambanana ADS na ny Association Diego Suarez. Somary nangingina noho ny antony maro samihafa izy io teo aloha teo ary izao miverina amin'ny tanjaka izao indray. Tanjona raha araka ny nambaran'ny filohany, nandritra ny resaka nifanaovana taminy ny hampitambatra sy hanome endrika vaovao ny fikambanana. Nanatanteraka fihaoanam-be tetsy amin'ny LMA Ampefiloha ny ADS ny Asabotsy faran'ny herinandro teo. Hetsika maro loko no netina nanamarika izany fihaonana izany, ka anisan' izany ny fampisehoana ny kolontsaina sy ny fomba amam-panao avy any amin'iny faritra iny toa ny salegy.

Mpanakanto maro avy any amin'ny faritra,no naneho ny talentany hanasongadinana izany ka anisan'izany ny mpanakanto Jaojoby, Wawa, Martin le Jaguar, Farault Dallas, Aly Mourad, Ludovic, Prince Sedar ary ny Dj Phenomenal sy ny maro hafa. Ankoatra izay, anisan'ny niavaka ihany koa ny sakafo mampiavaka ny faritra toy ny ravitoto amin'ny voanio, ny samotraka sy ny maro hafa.

**Faritra manankarena**

Nomarihan'ny Filoha lefitra, Hakim Mahavita fa : «*amin'ny maha fikambanana ny ADS dia mijery ny lafiny sosialin'ny mpikambana ihany koa izy ireo ka jerena manokana amin'izany ireo tra-pavoahazana sy niharan-doza. Maro ny mpiantra avy any avaratra mandranto fianarana eto Antananarivo ka anisan'ny vaindohandraharahan'ny fikambanana ny manoro lalana azy ireo* » Ankoatra izay, tetsy ankilany, nanambara ny maha anisan'ny faritra mamokatra sy manankarena an'Antsiaranana ny Filohan'ny ADS Randriamparany Ted Steven. Nambarany fa « *Anisan'ny faritra manan-karena ny any Antsiranana, manana ny lavanila. Nisy izany Pêcherie de Nosy Be izany tamin'ny fotoan'androny nampalaza an'Antsiranana ary mila haverina indray. Malaza tamin'ny Makamba sy ireo harena an-dranomasina samihafa. Sava nisy ny Soavanio, lavanila. Tato ho ato nampitontongana ny faritra ny vidiny. Niantso ny mpitondra amin'ny maha ray aman-dreny azy ireo hijery ny vidin'io lavanily io. Lasibatra ny hetraketraky ny fiovaovan'ny toetr'andro handalovan'ny rivo-doza ka miangavy ny mpitondra hijery akaiky ny lalana. Hisaorana sahady ny fanjakana amin'ny fanamboarana lalana. Mosary ny any an-toerana amin'izao* », hoy izy.



Hanetsiketsika sy hamelo maso ny fikambanana indray ankehitriny ny Birao vaovao n'ny ADS TArihin'ny Filohany Randriamparany Ted Steven.

**Tiaray R**

## Teny rehetra teny

**Ireo sary nanamarika ny faran'ny herinandro teto an-drenivohitra nalain'i Kelly R.**



Mijaly rano ny renivohitr'i Madagasikara. Filaharana " bidon" no manemitra ny toerana fatsakana amin'izao. Maraina mandram-paharivan'ny andro izao.




Toeram-pivoahana vaovao, mahavonjy amin'izao ririnina mangatsiaka izao eny Andrainarivo.



Nafana ny fiarahana na tsy feno aza Antsahamanitra nije ry an-dry Iraimbl omaly folakandro.



Somary nangatsiatsiaka ihany koa ny mpijery an-dry Fara kely tetsy amin'ny CCEsca ny faran'ny herinandro teo.

## TSIPAKA

Toy ny tany amin'ny Lalao Afrikanina, notanterahina tany Accra (Ghana) tamin'ity taona ity hatrany, dia miahiahy fatratra, raha tsy misy ny fiovana tampoka ao anatin'ny fotoana tsy ampoizina, ny mpilomano malagasy fa mety tsy ho lasa mandray anjara amin'ny fiadiana ny tompondakan'i Afrika any Luanda (Angola), manomboka amin'ity faran'ny volana aprily ity ka mitohy amin'ny volana mey. Zava-dehibe ho an'ny atleta anefa ny fandraisana anjara amin'ny fifaninanana iraisampirenena, ahazoana mitaratra sy mandrefy ny lentany

### Hiova taranja

Momba ny tsy fanatrehana lalao iraisampirenena, dia saika lasa tarazo ho antsika ny fandrenesana fa noho ny lafiny tsy fahampiana ara-bola no mahatonga an'izany. Mahavariana ny mpandinika anefa dia misy taranja mandray anjara hatrany hatrany amin'ny fiadiana ny tompondakan'i Afrika, mahazo fanampiana avy amin'ny mpitondra fanjakana. Eo amin'izay lafiny izay indrindra no mahatonga ny ady hevitra, eo amin'ny samy mpitantana taranja arapanatanjahantena, ka mety hiteraka fialonana. Rehefa amin'ny taranja ara-panatanjahantena inona no omena fanampiana na tsia (?!). Raha ny tanjona napetraky ny mpitondra fanjakana hatramin'izay anefa no zohiana, dia tokony tsy misy olana ny fampandehanana ny atletantsika amin'ireny fifaninanana iraisampirenena ireny noho ny fisian'ny TAFITA, izay miahy ny mpanao fanatanjahantena amin'ny fandrantoana lalao any ivelany. Toy ny "Fonds d'entretien Routier" amin'ny fanamboaran-dàlana, dia tokony tsy hiteraka olana ho an'ny mpanao fanantanjahantena ny fanampiana azony avy amin'ny TAFITA, izay iarahana mahalala fa tahirim-bola natokana ho azy ireny. Ny hetra alaina amin'ny sigara sy ny toaka ary ny lapan'ny fanantanjahantena Mahamasina mantsy dia anjara biriky entin'ny tsy mpanao fanatanjahantena, hanampiana ny atleta. Araka izany dia, raha hilaza fa tsy misy vola ny TAFITA dia resaka hafa indray ny momba an'izany. Ny mampalahelo sy azo antoka dia hiteraka olana sy hakiviana ho an'ny mpanao fanantanjahantena ny tsy fiatrehana an'itony lalao iraisampirenena itony ka hampiova taranja azy. Mety hirona amin'ny filan-dratsy izy ireny ka hiteraka fatiantoka sy fahavoazana eny anivon'ny fiaraha-monina.

**aris rafaly**

Tsipy kanetibe

# Afa-tsazy i Madagasikara, misokatra amin'ny any ivelany amin'izay



**Volana vitsy taorian'ny nahatafapetraka azy ireto, nivaha ny sazin'i Madagasikara.**

*Ny fiadiana ny tompondakan'i Afrika hatao atsy Maraoka no fifaninanana Iraisam-pirenena voalohany handraisantsika anjara.*

Vaovao lehibe ho an'ny tontolon'ny taranja Tsipy Kanetibe no heno ny faran' ny herinandro teo. Fantatra fa nafahan'ny Federasiona Iraisam-pirenena "FIPJP" ny sazin'i Madagasikara, izay tsiahivina fa nanomboka tamin'ny 2022. Araka ny fanambaran'ny filohan'ny FSBM, Andrianirina Adrien, dia tamin'ny 25 avrily teo no voarain'ny federasiona malagasy io taratasy fampahafantarana io, raha efa tany amin'ny 5 avrily no nanapahana izany nandritra ny afaka ny fivoriambe nataon'ny FIPJP. Na eo aza izany, mbola nametraka fepetra sy manohy ny fanaraha-maso ny Federasiona Iraisam-pirenena, toy ny fitondrana tsara tantana sy ny mangarahara, na eo ny momba ny kara-pilalaovana na ny lafiny ara-teknika. Anisan'ny nametrahan'ny FIPJP fanamarihana koa ny fomba fandrafetana ny ekipam-pirenena, izay nambaran'ny filohan'ny FSBM fa hisy ny fandinihana mahakasika izany. Taorian'ny fanalana ny sazy, ny fiadiana ny ho tompondakan'i Afrika, ho an'ny sokajy «sénior» lehilahy no fifaninanana Iraisam-pirenena voalohany miandry an'i Madagasika, izay hatao atsy Maraoka ny 6 ka hatramin'ny 9 jona ho avy izao. Tsy miandry ela fa avy hatrany dia manomana ny fiatrehana izany ny FSBM miaraka amin'ireo mpiaramiombonantoka sy ny mpanohana ary indrindra ny fanjakana. Mazava hoa azy, hoy ny filohan'ny FSBM, Andrianirina Adrien, fa ireo lalao hahazoana isa no hangalana ny mpilalao fahefatra amin'izany ka ankoatra ireo fifaninanana roa efa vita, ilay tatsy Vakinankaratra sy Matsiatra ambony dia tafiditra anatin'izany koa ilay fiadiana ny tompondakan'i Madagasikara ho an'olon-tokana hatao etsy amin'ny boulodrome "lake building" Ivato ny 10 ka hatramin'ny 12 may. Fantatra ihany koa, mbola tsy voaloa ny latsakembokantsika nandritra ny 2 taona (2022 – 2023), izay tsy maintsy efaina ka mitodika eny anivon'ny Minisiteran'ny Tanora sy Fanatanjahantena izy ireo amin'ny fandoavana izany satria anjarany no tokony manao izany, saingy tsy maintsy mitady hevitra ny federasiona raha sanatria tsy vitany izany, hisorohana ny mety hilatsahan'ny sazy indray. Hisy ihany koa fivoriamben'ny kaonfederasiona afrikanina hotanterahana atsy Cotonou, ny 4 mai ho avy izao, izay azo antoka fa fotoana hampahafantarina ny mpivory ny fiverenan'i Madagasikara indray eo anivon' ny sehatra Iraisam-pirenena.

**Rabenaivo**

"Tournoi Inter-Medias 2024"

# Aseho ho fanta-bahoaka ny sarin'ny mpilalao

Sambany teo amin'ny tantaran'ny fifaninanana arapanatanjahantena no naseho ho fanta-bahoaka ny sarin' ny mpilalao, izay hiatrika ny andiany fahatelo amin'ny *"Tournoi Inter-Medias 2024"* karakarain'ny Ordre des Journalistes de Madagascar, miaraka amin'ireo sampana fikambanana mpanao gazety, eny amin'ny kianja Annexe Mahamasina. Izany no atao dia hisian'ny mangarahara ka tsy ampiasan' ny ekipa mpikaramanady, izay mampikaikaika ny mpandray anjara amin'itony fifaninanana ara-panatanjahantena eny anivon'ny orinasa itony ka tsy afa-miala tamin'izany koa ny asa fanaovan-gazety. Taranja basket-ball iarahan'ny lahy sy vavy , ary baolina kitra ho an'olona fito no hifaninanana. Ekipa 12 no hifampitana amin'ny basketball, ary 27 kosa no hiatrika ny baolina kitra lalaovin'ny olona fito. Noferana ny isan'ny mpilalao ao anatin' ny ekipa, ary ny orinasa dia afaka mampilalao ekipa maromaro. Ny fitsipika mifehy ny fifaninanana dia milaza fa ny mpilalao miasa ara-dalana amin'ny sehatra anatin'ny asa fanaovangazety irery ihany no afaka milalao eny ambony kianja. Tsy ekena kosa ny fampilalaovana ny mpiasa mianadraharaha (stagiaire). Momba an'ireo sary naseho vahoaka dia afaka manao fanamarihana, izay mahatsikaritra fa "mpikaramanady " na tsy miasa ao amin' ny orinasa ilay mpilalao. Ankoatra ny fifaninanana dia nanapa-kevitra ny mpikarakara an'ity hetsika ity fa noho ny aretin'ny voa mahazo ny namanay Judickaël Tsaraharivony "Judd" ato amin'ny Gazetiko, dia nasiana boatin-drakitra (urne) eo amin'ny vavahadin'i Mahamasina fidirana, androtsahana ny vola izay foy, anohanana azy sy ny fianakaviany.

**aris rafaly**

Kitra - Klioban'ny Yfomac

# Mpilalao 3 mirahavavy samy hahazo 50 dôlara isambolana mandritra ny 5 taona

5 taona aty aoriana, manomboka mioty ny vokatsoa azony ny klioban'ny Yfomac Initiative, eo amin'ny taranja baolina kitra. Noho ny fahamatorany, liana taminy ilay plateforme, Next Best Player any New York Etazonia, ka rehefa nisy ny fifampiresahana teo amin'ny PDG an'ity farany, Yannick Davidson sy ny mpamorina ny Klioban'ny Yfomac Initiative, Ny Anjara Rafalimanana dia natao ny fifanarahana. Amin'izao fanombohana izao dia mpilalao 3 mirahavavy, ahitana an'i Fanomezantsoa, Hanitriniaina Sitraka Manantsoa ary Andriafanomezana Mitia no hahazo 50 dôlara isam-bolana mandritra ny 5taona , saingy mbola mety hitombo izany fa miankina amin'ny fivoaran'izy ireo. Ankoatra izay, mbola hiampy ankizy 2 no hisitraka izany hatramin'ny faran'ny taona fa miankina amin'ny fahaizamanaon'ireo mpilalao fotsiny izany rehetra izany. Mbola "amateur" ihany izao fifanarahana izao, hoy Rafalimanana Norbert, izay tomponandraikitra eo anivon'ny klioban'ny Yfomac, izay nanamafy fa ny handefa ny ankizy ho lasa matihana no tanjon'ny mpitantana fa tsy hivarotra azy ireny akory. Mbola vao dingana koa izao, izay mizotra tsara any amin'ilay tanjona, hoy hatrany ny tenany. Nambaran' Andriamatoa Rafalimanana Norbert hatrany, fa mandray anjara amin'ny fifaninanana karakarain'ireo rafitra federaly izy ireo, izay nandrombaka ny anaram-boninahitra ho tompondakan'ny Seksiona Atsimondrano tamin'ny 2023 , ary mbola tafita hiatrika ny lalao famaranana indray amin'ity taona ity. Nohamafisiny, fa mikarakara sy mitaiza ireo ankizivavy ireo no andraikitra sahanin-dry zareo, izay nilaza koa fa hiditra anatin'ny Fihezama ny Yfomac satria mety hisy fifaninanana Iraisam-pirenena, hahafahan'izy ireo mandray anjara amin'izany. Tsiahivina, tamin'ny taon-dasa dia nandranto lalao tany ivelany ny klioban'ny Yfomac, ka fandresena 8 no azony ary ady sahala ny 2. Nandritra izay 5taona izay, efa mahatratra 120 no isan'ny mpilalao ao aminy, izay misy ireo sokajin-taona rehetra, manomboka amin'ny 7 taona hatramin'ny U-17. Miisa 13 kosa ireo mpanazatra sy teknisiana mitazona ity sekolin'ny baolina kitra natokana ho an'ny vehivavy ity.

**Rabenaivo**



**Hitondra aingavao ho an'ny Ladies Makis indray Rasoanekena.**

## Sarisary zary tenany

Voalavo



## Masoandro Miposaka

**Matio 19 : 13**

13 Ary tamin'izany dia nisy zazakely nentina teo amin'i Jesosy mba hametrahany ny tànany sy hivavahany ho azy; fa ny mpianany niteny mafy ireny.

## Indray mipika




Nanatontosa ny pejy

Nil : Tel: 033 07 465 05

## Hatsikana an-tsary

Maty







## Ohabolana



**Tsy mety raha setroky ny afo aro-son'ny hafa.**

Il n'est pas juste d'être enfumé par le feu allumé(ou entretenu) par un autre.

## Sudoku

Fenoy isa 1 hatramin'ny 9 ny banga. Aoka tsy hiverina ny isa isaky ny andalana na ao anaty faritra efajoro.

Laharana **3230**

| | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| | | 9 | 1 | | | | | |
| | | 1 | | 4 | | 9 | 6 | |
| 3 | 2 | | | 8 | | 7 | | |
| 4 | | | 6 | 3 | | | | 1 |
| | 9 | 7 | 2 | | | | | |
| | | | | | 8 | 6 | 5 | |
| | 7 | 8 | | | 6 | | 4 | |
| | 3 | | | | 7 | 1 | 8 | |
| | | | 8 | | | | | |

Valin'ny laharana **3229**

| | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| 2 | 7 | 2 | 5 | 6 | 1 | 3 | 9 | 8 |
| 1 | 6 | 3 | 7 | 9 | 8 | 2 | 5 | 4 |
| 5 | 8 | 9 | 3 | 4 | 2 | 7 | 6 | 1 |
| 8 | 4 | 1 | 9 | 3 | 5 | 6 | 7 | 2 |
| 6 | 3 | 2 | 8 | 1 | 7 | 9 | 4 | 5 |
| 9 | 5 | 7 | 4 | 2 | 6 | 8 | 1 | 3 |
| 7 | 2 | 5 | 1 | 8 | 9 | 4 | 3 | 6 |
| 4 | 9 | 6 | 2 | 5 | 3 | 1 | 8 | 7 |
| 3 | 1 | 8 | 6 | 7 | 4 | 5 | 2 | 9 |

**HOTSAKOTSAKOINA**

«Misy serasera tokony notapahana hatrany am-boalohany, fa efa tara loatra vao nahatonga saina anao.»

**Ny Vetso (21.11.16)**

(«Il y a des gens... tu te rends compte plus tard qu'il fallait les éviter dès le départ. »)

Antehiroka

## Lehilahy novonoina dia natsipy tany anaty rano ny fatiny

Lehilahy iray tokony ho 29 taona no hita faty tao anaty rano teny amin'ny vavaranon'Ikopa, tany amin'ny toerana antsoina hoe Andramiarana eny amin'ny fokontany Morondava, kaominina Antehiroka ny zoma lasa teo. Nibontsina feno rano ny kibony, misy mangana ihany koa ny vatany ary nisy ratra. Mbola teny aminy avokoa ny fitafiana nanaovany tamin'ny fotoana nahitan'ny nanatrimaso ny razana. Ny razana efa nitsingevana no tsikaritry ny mponina tany an-toerana. Rehefa nahafantatra ny zavanisy ny fokonolona dia nitangorona teo ary nijery ny razana. Tsy mipetraka eny amin'ny manodidina araka izany ity lehilahy maty ity satria tsy nisy nahafantatra azy ny olona nahita azy teo. Nampiakarina an-tanety ny razana taorian' izay ary efa nampandrenesina ihany koa ny mpitandro filaminana ka tonga nanao fizahana ifotony niaraka tamin'ny dokotera avy ao amin'ny CSBII Antehiroka. Araka ny fanazavana azo dia nisy namono ity lehilahy ity ary navala rano avy any ambony any ka io tafajanona teo amin'ny sisin'Ikopa io. Fantatra hatrany fa mety efa roa andro no nahafaty ity lehilahy ity ka nitsingevana teny ambony rano teny foana. Blouson mainty sy short jean marron no akanjo nanaovany tamin'izy hita faty io. Taorian'ny fizahana dia naterina teny amin'ny tranompatin'ny hopitaly HJRA ny vatana mangatsiakan'ity lehilahy ity miandry ny hakan'ny fianakaviany azy.

T.H

Fianarantsoa

## Zandary mpiana-draharaha maty an-drano

Zandary iray mpiana-draharaha no hita faty tany amin'ny reniranon'i Matsiatra any Mahasoabe Fianarantsoa omaly atoandro. Efa ny sabotsy lasa teo izy no tsy nipoitra intsony fa nilentika tao anaty rano. Araka ny fanazavana dia niaraka nandeha an-tongotra tamin'ny namany ity lehilahy ity tamin'io fotoana io ka rehefa teo amin'ny tanàna dia nandeha nirobo-drano nandeha nisasa teo amoron'ilay renirano aloha. Tampoka tsy nampoizina anefa dia natelin'ny rano ity mpitandro filaminana mpiana-draharaha iray ity. Araka ny fanazavana azo hatrany dia nisy lavaka be tao amin'ny faritra nandehanan'ilay io ka nilentika tao izy. Avotra ary tsy naninona kosa ny namany hafa niaraka nisasa taminy tamin'io. Efa nampandrenesina mikasika ny zava-nitranga ny mpitandro filaminana ka tonga nanao fizahana ifotony tany amin'ny toerana nitrangan'ny loza. Natao ihany koa ny fikarohana ilay zandary lasan'ny rano fa tsy nahitam-bokany izany tamin'io andro io. Ary voalaza fa omaly tokony ho tamin'ny 12 ora atoandro vao hita ny razana. Efa nentina nankany Fianarantsoa ilay vatana mangatsiakan-dralehilahy taorian'izay. Fantatra fa zandary mpiana-draharaha miasa any Fianarantsoa ity maty ity.

T.H

**Gazetiko**

Novokarina sy natontan'i MIDI MADAGASIKARA S.A.

Sosaiety tsy anavahana anarana manana renivola Ar 37 452 000

**Tale jeneraly :** Jeremy RABESAHALA

**Talen'ny Fanoratana :** Lucien RAHARISON 034 34 697 06

**Talen'ny Famoahana sady Tonian'ny Fanoratana :** Herivonjy RAJAONAH 034 34 697 10

**Birao sy fandraharahana :** Lalana Ravoninahitriniarivo

**B.P.** 1414 - Antananarivo

**Tél :** 038 34 344 34

**Fax.** 22 273 51

e-mail : midigazetikom@gmail.com

**D.L.I :** 16 658 - 04 - 24

Isan'ny natonta : 25 000

**Nahandro**

### Anamalao sy akoho gasy

**Zavatra ilaina :** Akoho gasy antsasa-kilao, anamalao 400ar, sira sy menaka 1cas

**Fikarakarana azy :** Ampangotrahina ho masaka ny akoho gasy, rehefa akaiky halemy vao arotsaka ny anamalao. Mety amin' izao andro mangatsiaka izao no sady miaro amin'ny gripa ihany koa. Ampiarahina amin'ny vary mafana, dia aoka fotsiny.

## MANAMPY ANAO

**Permanences 27 avril au 03 mai 2024**

PHARMACIE DE GARDE

ANTANANARIVO 24H/24H et 7j/7

- 67HA - face Eglise Luthérienne - 020 22 253 61
- VOLAHANTA - Anosibe près du rond point vers Soanierana - 020 22 355 09/034 24 334 86
- NANISANA - Nanisana Iadiambola arret bus sapin 032 03 520 29/034 05 750 29
- AMBANIDIA - 020 22 255 50/033 05 255 50
- MAHAVOKY - Andravoahangy 020 22 255 51/ 034 89 056 09
- IARIVO - Analakely en face Institut d'hygiène sociale 020 22 224 26/020 22 699 19/034 16 326 06

PÉRIPHÉRIE d'ANTANANARIVO 24H/24H et 7j/7

Andoharanofotsy - 032 05 479 84 / 034 20 479 84
Grazia - Itaosy- 034 67 733 62
Anosizato - 020 22 631 43
Ambohibao - 020 22 482 64
Avaradrano - Analamahitsy- 020 22 423 65
Amboditsiry - 020 22 528 21 - 033 01 551 31 - 034 36 580 94
Soleil - Andrononobe - 034 20 356 51
Hasin'ny Aina - Mandroseza- 034 99 776 21
Ivato - 020 22 442 95
Ambohidratrimo - 034 29 358 45
Jade - près Horizon Ivato - 034 87 340 94
Sabotsy Namehana - 034 88 001 03
Amboara - Anosiala - 034 52 610 64
Ambohimahitsy - 034 33 304 17 / 034 95 882 30
Ambohimangakely - 034 25 372 52
Fenoarivo - Fenoarivo Alakamisy- 034 33 161 75
Fitiavana - Ankadikely - 020 22 436 33
Amoronakona By Pass - 034 36 115 15
Palais - Mandrimena Iavoloha - 032 42 713 67
Ankadindratombo - 032 82 588 02/034 02 588 02
By Pass Alasora - 032 12 525 25 / 034 98 525 25
Abondance - Ifarihy Ankaraobato - 034 75 214 36
S Namehana - Sabotsy Namehana - 034 81 689 47
Mitondrasoa - Fenoarivo - 034 01 707 07
Bongatsara - Bongatsara Iavoloha - 034 07 742 23
La Colombe - Itaosy - 034 60 396 61 / 033 64 280 42
Soa Ny Aina -Tsarahonenana - 034 31 018 20
MA Pharmacie - Ambohijanaka - 032 11 102 11
Ankaraobato en face CSBII - 034 64 330 62

A.M.I.T.

BEHORIRIKA TEL 22 303 83 / 22 383 52
ANTANIMENA TEL 22 303 86
TALATAMATY TEL 22 588 51
ANKADIMBAHOAKA TEL 24 819 81

AMBULANCE

- SERVICE DES URGENCES MPITSABO MIKAMBANA TEL: 0349023555 / 0334823555
- AMBULANCE MUNICIPALE TEL 22 200 40 / 033 65 333 22 / 033 65 444 22 / 033 65 555 22
- AMBULANCE POLYCLINIQUE D'ILAFY 24/24 TEL 22 425 66 / 22 425 69 / 22 425 73
- MEVA MEDICALE SERVICE TEL 033 11 195 33 / 032 04 922 69
- CDU (Centre de diagnostique et d'urgence médical) TEL 22 329 56/ 032 07 822 28/ 033 11 822 28
- AMBULANCE CLINIQUE DE TANJOMBATO TEL 033 11 313 85
- MATERNITE MARIES STOPES AVADOHA TEL 22 418 36 / 032 07 418 36 / 033 11 094 11
- CENTRE MEDICAL ANDRINDRA MIANDRARIVO AMBANIDIA (MANAKAMBAHINY) TEL 020 26 057 94 / 03316 057 94/ 034 20 057 94 (24h/24)
- CARE & MEDICAL ASSISTANCE HOSPITAL - 22 200 32 / 034 40 389 05 / 033 12 836 60 / 033 15 836 60
- AMBULANCE ET URGENCE CRTM-OI - 034 01 015 55 / 032 07 255 52

HOPITAUX ET CLINIQUES

- CLINIQUE MPITSABO MIKAMBANA 24/24 ROUTE DE L'UNIVERSITE AMPASANIMALO TEL: 034 90 235 55 / 033 48 235 55

## TELEVIZIONA

**MA TV**

06:00 : Oran'ny fanantenana
06.45 : Salama Va
08.00 : Dessins animés
10.00 : Ankarihary ®
11.00 : Mahery ®
12.00 : Météo
12.10 : Série ®
12.30 : News du 12h30
12.45 : Ny Vaovao
13.00 : A Votre Santé
14.00 : Film Jeunesse
16.00 : Journal International
16.45 : Full Sport
17.00 : Dessins animés
17.15 : Royal Chapel
17.55 : FULL Music
18.15 : Ny Vehivavy
19.00 : Les infos de Ma-TV
19.10 : Série
19.30 : Ny Vaovaon'ny Ma-TV
20.30 : Art Culinaire avec chef Dino
21.00 : Film Action
23.00 : Journal International
23.45 : Film Romantique
02.30 : Magazine
05.00 : Série ®
06.00 : Oran'ny fanantenana

**VIVA**

00.12 : Film
02.00 : Film
03.43 : Christian Music
04.55 : Journal : Viva Événement VM ®
05.25 : Culte : Tsara Taiza
05.30 : Malaïka (ép 05)
06.00 : Viva Prod : Viva Réveil
07.30 : Série Act Av Po : ARROW
08.16 : Série : Les Agents du Shield
08.58 : Série : Star Wars : The Clone Wars
09.21 : Série : Parks and Recreation
09.51 : Film
12.02 : Série k-drama : My demon ®
13.12 : Journal : Flash Actus
13.17 : Viva co Prod : Minute Fihariana ®
13.20 : Music : Misy Raha
14.33 : Film
16.20 : Série k-drama : My demon
18.00 : Sport : Top Chrono
18.30 : Magazine jeux vidéo : Game in ®
18.45 : Série comédie : TEE TITANS
19.07 : Loterie : BET 261
19.28 : Hafatry ny PDS
19.30 : Journal : Viva Événement VM
20.30 : Journal : Viva Événement VF
20.50 : Film
22.33 : Film
00.21 : Journal : Viva Événement VM ®
01.01 : Magazine jeux vidéo : Game in ®
01.16 : LE FEELING DE TOUTES LES GÉNÉRATIONS

**RECORD TV**

05.30 : RÉVEIL DE LA FOI
06.00 : JOURNAL ®
06.30 : LA MATINALE
08.00 : DIVERTISSEMENT / DOC / DESSINS ANIMES / MAGAZINE
08.30 : TOI MON AMOUR ®
09.25 : MAGAZINE ET DESSINS ANIMES
10.30 : i-VAOVAO
12.30 : ASINTADO ®
13.10 : HIRANTSIKA
14.30 : TOI MON AMOUR
15.30 : MAGAZINE / DOCUMENTAIRE / DESSINS ANIMES / DOCUMENTAIRE / FILM
17.00 : DESTINATION MALAGASY
19.00 : LE JOURNAL DE LA RECORD
19.45 : ASINTADO
20.30 : ALEO RESAHANA ANAO NY SEHATRA
21.00 : PAROLE DE VIE
22.00 : FILM
23.00 : FILM
00.30 : FRANCE 24

**KOLO TV**

06.00 : Musique
06.15 : So COOL
08.15 : Série
08.45 : Mozika
10.00 : Shopping TV
10.30 : Série
11.00 : Mozika
12.00 : Série
12.15 : Instafun
13.20 : Kolo Ts'Art ®
14.10 : Tables de Mada
14.30 : Zik Zag ®
15.10 : Mozika
16.40 : Smiling Time
17.00 : Flash Info
17.20 : Instafun
18.00 : After
19.25 : Le Journal
20.00 : Ny Vaovao
20.50 : K-Sport
21.15 : Cinéma
23.00 : Ny Vaovao ®
23.50 : Cinéma
02.00 : Bonne Nuit avec KOLO TV

**blueline TV**

**09h14 – Sport : « Arnaud de Rosnay, au-delà du défi »** TREK – Canal 60 (option monde)

**12h00 – Animalier : « Au cœur du zoo : Tampa »** Nat Geo Wild – Canal 79 (option monde)

**14h30 – Magazine de santé : "Le magazine de la santé »** France 5 – Canal 15 (option divertissement)

**16h30 – Dessins animés : « Scooby-Doo et compagnie »** Boomerang – Canal 35 (bouquet découverte)

**18h30 – Téléréalité : « Secret story, la quotidienne »** TF1 – Canal 11 (bouquet découverte)

**19h49 – Film thriller : « Le serpent »** ACTION – Canal 83 (option ciné)

**De :** Eric Barbier.

**Avec :** Yvan Attal, Clovis Cornillac, Pierre Richard, Olga Kurylenko.

Victime d'une machination, un photographe en instance de divorce voit soudain sa vie partir en vrille. C'est alors que, sans sommation, un ancien camarade de classe trop gentil entre en scène. Qui tire les ficelles de ce véritable cauchemar éveillé ?

**21h48 – LIGA : « BARCELONE - VALENCE » (EN DIRECT)** BeIN 2 – Canal 62 (option sport)

## TELEFAONINA ILAINA

- CLINIQUE REINE MARIE- 4 RUE JOSEPH RAMANANDRAIBE - IMMEUBLE RALISON -ANTANIMENA - OUVERTURE 24h/24 Tél. : 034 20 239 72
- CENTRE HOSPITALIER DE SOAVINANDRIANA (HOMI) EX-GIRARD ET ROBIC TEL 23 397 51
- HOPITAL JOSEPH RAVOAHANGY ANDRIANAVALONA (HJRA) TEL 033 11 890 58 / 22 279 79
- HOPITAL JOSEPH RASETA BEFELATANANA TEL 22 223 84
- CLINIQUE MEDICO-CHIRURGICALE IMAHO ANALAMAHITSY TEL 034 01 651 99 / 033 03 875 61 / 032 04 680 06
- CLINIQUE MEDICO-CHIRURGICAL ST PAUL AMBATOROKA TEL 034 71 394 95 / 034 45 076 23 - MEDICAL SERVICE CLINIQUE MEDICO-DENTAIRE LOT IVR 20 ANTANIMENA (24/24) TEL 22 641 93
- CROIX BLEU DE MADAGASCAR SIEGE ANTANINANDRO - PROBLEME D'ALCOOLISME ET DE TOXICOMANIE TEL/FAX 22 324 59 / 22 634 62 / 033 11 442 77 / 032 07 545 30
- MARIE STOPES INTERNATIONAL MATERNITE CLINIQUE LOT II P 136 BIS AVARADOHA TEL 22 418 36 / 033 11 084 11
- CLINIQUE ET MATERNITE ST FRANCOIS ANKADIFOTSY - TEL 22 235 54
- POLYCLINIQUE D'ILAFY AMBOHITRARAHABA (24/24) TEL 22 425 66 / 22 425 69 / 22 425 73 / 033 11 073 91 / 032 07 243 28 / FAX 22 425 64
- TOBIM-PITSABOANA LOTERANA AMBOHIBAO (HOPITAL LUTHERIENNE) TEL 22 441 88 / 22 485 17 (24/24)
- CENTRE DE SANTE BEHORIRIKA TEL 22 641 28 / 22 603 63 / 033 11 458 48 / 032 07 409 38
- CLINIQUE MEDICO-CHIRURGICALE DE TANJOMBATO - LOT III A 42 - TEL 22 571 94/ 033 11 058 00
- PAVILLON SAINTE FLEUR CENTRE HOSPITALIER UNIVERSITAIRE JOSEPH RAVOAHANGY ANDRIANAVALONA AMPEFILOHA - TEL 22 661 04 / 22 663 93 FAX 22 660 82
- CENTRE DE SANTE SAINT MICHEL ANDRAVOAHANGY TEL 033 16 028 62
- CARREFOUR MEDICAL AMPARIBE (Médecine générale) LOT VH 39 BIS TEL 22 651 59 (7j/7 - 24h/24)
- CENTRE MEDICAL AMBATOMENA (IMMEUBLE SICAM ANALAKELY) TEL: 22 211 70
- CENTRE MEDICAL ANDRINDRA MIANDRARIVO AMBANIDIA (MANAKAMBAHINY) - TEL 020 26 057 94 / 03316 057 94/ 034 20 057 94 (24h/24)
- CENTRE MEDICAL COLISEUM TEL 034 03 847 39 - 032 99 286 69 (7/7 - 24H/24)

ESPACE MEDICAL / SOS Médecins

- AMBODIVONA TEL 22 625 66/ 034 02 088 16/ 034 02 00 911

CARE & MEDICAL ASSISTANCE HOSPITAL

- IMMEUBLE OSTIE ANOSIBE 1er ETAGE TEL 22 200 32/ 034 40 389 05 / 033 12 836 60 / 033 15 836 60

AROVY CLINIC

ATRIUM ANKORONDRANO

Urgences : 032 23 217 17 (24/24 - 7/7)

POMPIERS

- TSARALALANA TEL 18 / 118 (Airtel) / 22 390 30 / 033 15 500 86
- AMBOHIMANARINA TEL 033 15 501 76

POLICE SECOURS - GIR

- TEL 22 357 09 / 22 357 10 / 117

COMMISSARIATS

- 1er ARRONDISSEMENT ANALAKELY TEL 22 280 54
- 2e ARRONDISSEMENT AMBOHIJATOVO TEL 22 309 46
- 3e ARRONDISSEMENT ANTANINANDRO TEL 22 291 30
- 4e ARRONDISSEMENT ISOTRY TEL 22 280 51
- 5e ARRONDISSEMENT MAHAMASINA TEL 22 280 48
- 6e ARRONDISSEMENT AMBOHIMANARINA TEL 22 225 52
- 7e ARRONDISSEMENT 67 HA TEL 22 291 29
- 8e ARRONDISSEMENT ANALAMAHITSY CITE TEL 22 493 25
- POSTE DE POLICE AMPEFILOHA TEL 22 280 46
- POSTE DE POLICE MAHATONY TEL 22 242 22

# Akon'ny Basketball

*Raha misy taranja ara-panatanjahantena, mihetsiketsika mafy amin'ny fampiroboroboana azy, dia azo lazaina fa ny basketball no mitana ny lohalaharana amin'izany, raha tsy hitanisa afa tsy ny hetsika eto anivon'ny ligin'Analamanga sy ny Section miaraka miasa aminy. Tsy azo odian-tsy hita ihany koaanefa ny ezaka ataon'ny federasioninany (FMBB) amin'ny hetsika ataony amin'ny fifaninanam-pirenena, tanterahiny amin'ny sokajin-taona isan-karazany, izay tsy tapaka mihitsy isaky ny taom-pilalaovana. Miainga amin'ny fampifaninanana ny ankizy madinika ka hatrany amin'ny beantitra "vétéran". Ny fanofanana ny mpanazatra sy ny mpitsara lalao ary ny mpitantana any amin'ny ligim-paritra moa manginy fotsiny, miampy ny fitomboana an'isa ny klioba sy ny "Sections ". Eo amin'ny sehatra iraisampirenena indray dia efa mahazo laka ny fahafantarana an'i Madagasikara, noho ny endri-dalao aseho sy ny zava-bitan'ny ekipam-pirenena ANKOAY amin'ny fifaninanana handraisany anjara toy ny Afrobasket sy ny FIBA 3x3, izay mety handraisantsika fihaonana goavana amin'ity taona ity…*

Basketball Tour 2024

## Tsara ho fantatra momba ny fandrindrana ny "CAMP U12"

Hisantatra ny hetsika ataon' ny *Section Basket-Ball Antananarivo Renivohitra* sy ny fikambanana *Athlètes In Action*, izay tarihin'ilay "expert" kanadianina Matt Guy Nup, Tale Tekinika an'itony "Camp de Basket " itony nandritra ny 20 taona tany Canada, ampian'ny lefiny Cheryl Jean Pau, dia ny fanofanana sy fampianarana ary ny fampilalaovana ny sokajy latsaky ny 12 taona zazalahy sy zazavavy, eny amin'ny kianjan'i St Michel Amparibe sy ny Kianjan'i Ste Famille Mahamasina amin'ny tontolo andron'ny alarobia 01 mey 2024. Ampianarina ny ankizy madinika amin'izany ny fifehezana ny baolina sy ny filalaovana azy amin'ny alalan'ny fanaovana" dribble - passe - concours de tir - Fondement tactiques et techniques individuels d'attaque"". Notsinjaraina ao anatin'ny Vondrona enina (A - B - C - D - E – F) ny mpilalao ka tahaka izao ny firafitry ny mpanazatra misahana azy : *Vondrona A* : Sefon'ny mpanazatra dia i Sefo Fenoarisoa Judith, ary ny lefiny dia ahitana an-dry Raveloson Hantsa (Tacbb) - Randrianomena Lira (Ast) - Ravakiniaina Elia (Jcba) - Rasoanantenaina Dinah (Amazons) - Randriamanjara Vahatriniaina (Lhbc) - Ranoroharison Noro Lalaina (Mmbc) - Raharintseheno Toavina (Aca) - Randrianasolo Fidisoa (Akbb) - Andriatsarafara Arinjato Fanony (Bcr) - Bivary Danny (Asa) ; *Vondrona B* : Sefo Randrianjatovo Helina (Soe) / Ramorasata Sylvio Bernardin (Asa) - Raolinantenaina Kanto Miarantsoa (Bftt) - Andrianarivelo Herizo (Lucadro) - Rasolotiana Lalao Rijasoa - Rakotosolo Narindra (At2b) - Ranaivoson Jean Luc (Akbb) - Rahariniaina Herinarivo (Dbc) - Rasamoelina Leon (Cbbt) - Andrianaivosoa Fenonirina (Bcr) - Andriamaholimiza Marolahy (Gnbc) - Razanajao Frédéric (Akbb) -Razakarivony Loïc (Akbb) ; *Vondrona C* : Sefo Razafindrakoto Maminirina "Kim's" (Akbb) / Ravonimboahangy Eléonore (Jcba) - Ranarivelo Brenda (Amazons) - Lantohariniaina Rija (Lhbc) - Raolisoa Fanja (Aca) - Ramaromanana Tanteliniaina (Lucadro) - Randimbison Rihasoa Jovia Hardy (Akbb) - Andriaina Santatra (Bcr) - Herizo Miniminy (Jap Mada) - Rakotonirina Sarobidy (Asa) - Rabearison Fenoniaina (Cbbt) - Harinjatovo Tokiniaina ; *Vondrona D* : Sefo Randriamavo René (Fandrefiala) / Andriamanampisoa Avotry Ny Aina (Akbb) - Ramarolahy Nomena (Soe) - Razafiharisoa Herilanto (Jap Mada) - Rabeantoandro Nambinintsoa H. (Asa) - Andrianarivelo Rovaniaina (Bftt) - Rakotondrasoa Jeannot (Cosfa) - Rabaonomenjanahary Régine (Tsbb) - Andrianiaina Santatra N. (Bcr) - Rufin Loizy Boby (Gnbc) - Ralison Andriamandimbisoa Rija (Fandrefiala) - Randrianarivo Herizo Patrick (Akbb) ; *Vondrona E :* Sefo Razafindralambo Bayard (Dtsc) / Razafindrakoto Rado (Tacbb) - Remonja Lauréat (Jcba) - Razafinarivo Camille Léonard (Ast) - Randrianantoandroarison Diary (Akbb) - Rasamoely Jean Baptiste - Ralison Ando (Asa) - Andrianambinintsoa Solofotiana (Cosfa) - Randrianarivelo Hasina (Cbbt) - Randrianirina Kevin Angelo (Gnbc) - Rakotomalala Mandasoa - Razafimaharo Lalah ; *Vondrona F* : Sefo Randria Aimé "Meme" / Solo Andrianarijaona Maholy (Ast) - Rasoanindrainy Tojo Rado (Soe) - Ramalanjaona Mamitiana Thierry (Afo) - Andrianantenaina Liantsoa Sarobidy (Lucadro) - Randrianasolo Rado (Soe) - Rasolotiana Rijaherisoa (Akbb) - Andrianaivosoa Fanevaniaina (Bcr) - Vonjiniaina Jhonny (Asa) - Andriarimalala Andry Diamondra (Cosfa) - Ranjarison Mickaël (At2b) - Rasamoely Jean Marc (Esi) - Razafimanantsoa César (Akbb).

"FIBA 3x3 ACNOA"

## Fantatra ireo mpilalao ANKOAY "U18" lahy sy vavy

Nivoaka ny lisitr'ireo mpilalaon'ny ekipam-pirenentsika Ankoay, latsaky ny 18 taona lahy sy vavy, hiaro ny voninahitr'i Madagasikara amin' ny fifaninanana "FIBA 3x3 Association des Comités Nationaux Olympique d' Afrique (ACNOA)", izay ho tanterahina atsy amin'ny nosy Seychelles amin'ny 06 ka hatramin'ny 11 mey 2024. Ankoatra an'izany dia efa mivonona tanteraka amin'ny fiatrehana ny FIBA 3x3 any Debrecen (Hongrie), ahazoana ny tapakila amin' ny fandraisana anjara amin' ny Lalao Olympika 2024 any Paris (France), ihany koa ny "Senior"-n'ny Ankoay. Tahaka izao ny momba an' ireo Ankoay zazalahy sy zazavavy latsaky ny 18 taona : *Zazavavy* / Rakotomanana Théodora Voahangy Estelle (ASCUT Atsinanana) – Randriamasimanana Harena Henintsoa (DUNAMIS Analamanga) – Rasoarivelo Fideline Lyçianna (ABM-SEPA Boeny) – Rasolofonjanahary Mbola Sahaza (ASA Analamanga) ; *Zazalahy* : Andrianjatovo Fenofitia Loïc (MFN/BBCM Menabe) – Rasetriarivony Harinosy A'Ranty JCBA Analamanga) – Moralily Famenontsoa Tahimana (NBE Analmanga) – Alphe Voahasy Ulrich (Analamanga) (1057).



Hiaro ny voninahi-pirenena amin'ny ACNOA.

Tompondakam-pirenena

## Nahemotra ny fifaninanana "U14/16" lahy sy vavy

Noho ny fisian'ny "*Forum Africain du Mini-basket*" eto Antananarivo, dia nanapa-kevitra ny mpitantana ny federasionina (FMBB) fa ahemotra amin'ny 27 jolay ka hatramin'ny 04 aogositra 2024 fa tsy 13 ka hatramin'ny 23 jolay 2024 ny fiadiana ny tompondakan'i Madagasikara, natao ho an'ny sokajy latsaky ny 14 taona zazalahy sy zazavavy. Niharan'ny fanemorana toy izany koa ny sokajy latsaky ny 16 taona, izay hatao amin'ny 24 aogositra 2024 ka hatramin'ny 01 septambra 2024, raha tokony tanterahina amin'ny 27 jolay – 04 aogositra 2024. Tsy misy fanovana kosa ny fandaharam-potoanan'ny sokajy sasany : 06 – 14 jolay 2024 : Tompondaka « N1BD/H » any Nosy Be (Diana) ; 27 jolay – 04 aogositra 2024 : Tompondaka « U14G/F » any Mahajanga (Boeny) ; 10 – 18 aogositra 2024 : Tompondaka « U18G/F » any Toliary (Atsimo Andrefana) ; 17 – 25 aogositra 2024 : Tompondaka « VETH/D » eto Antananarivo (Analamanga) ; 24 aogositra – 01 septambra 2024 : Tompondaka « U20G/F » any Manakara (Fitovinany) ; 24 aogositra – 01 septambra 2024 : Tompondaka « U20G/F » any Farafangana (Atsimo Atsinanana) ; 07 – 08 septambra 2024 : « FIBA 3x3 Tour Vanilla » any Sambava (Sava) (1155).

AT2B Andraisoro

## Nisantatra ny fankalazana ny faha-15 taonany


Ireo ekipa mpandray anjara mavitrika !

Raha misy ekipam-pokotany nitondra ny anjara birikiny tamin'ny fampiroboroboana ny basketball, dia ny Andraisoro Tia Basket-Ball no mitana voalohany tamin'ny alalan'ny fanaovana ny « Fety de basikety », izay nanomboka nankalaza ny faha-15 taonany tamin'ny faran'ny herinandro teo iny. Nentina nanombohana ny hetsika nataony teny amin'ny kianjan'Andraisoro ny fampirantiana an-tsary ny tantarany rehetra, fampahafantarana ny fananganana ny sekolin'ny AT2B, fampilalaovana ny ankizy madinika sy ny mpilalao manana kilema ara-batana milalao amin'ny seza ahodina, izay nahavariana ny mpijery teny an-toerana tokoa ny fifehezany milalao an'ity baolina loranjy ity. Tsetsatsetsa tsy aritra no anamarihana fa raha vao ny AT2B no ambara, dia ny anaran'ny Prezida Fanja Rabenjamina sy Rasaony Pascal no mby an-tsaina avy hatrany. Noho ny zava-bitany dia nalain'ny mpitantana ny FMBB miara-miasa aminy ihany koa izy ireo amin'izao fotoana izao.

**aris rafaly**

Contactez-nous
*directement*
PAR MAIL
dokamidi@gmail.com
midimadagasikara


Telma
DÉCOUVREZ DE NOUVELLES SENSATIONS !
FIBRE GO
99 000 Ar TTC/mois
Rendez-vous en Telma Shop
La fibre
FUP 150 Go de Data inclus
Jusqu'à 50 MBPS
>> Rechargement en data prépayé à l'atteinte du FUP <<
Engagement de 24 mois. Data prépayé disponible : 50 Go à 60 000 Ar et 100 Go à 100 000 Ar avec validité de 30 jours
GCL 800/1-1
www.telma.mg
Telma Madagascar